# *Mamboly Ny Voaloboka Ary Aiza No Ambolena Azy*

Manana zavatra maro be izahay, fa Ianao no tena mahafantatra ny fonay ary mahafantatra ny zavatra rehetra izay ilainay. Tena faly izahay fa afaka mitondra an'izany eo Aminao ao amin'ny vavaka, mahafantatra fa mahazo Ianao ary hanome anay ny Fahatsaranao; tsy hoe izahay no mendrika an'izany, fa satria Ianao no nampanantena anay an'izany. Azoko antoka fa misy fangatahana maro ato amin'ny fiangonana izao maraina izao, ho an'ny aretina sy izay ny manana ilaina. Ary hitondra azy ireo am-panetre-tena eo Aminao izahay izao ankehitriny izao, mangataka ny Famindramponao malefaka sy ny herinao manasitrana, ho an'ny tsirairay amin'izy ireo.

2 Mivavaka koa izahay ho an'izay manaraka fitsaboana sy ireo izay tsy afaka tonga aty am-piangonana izao maraina izao. Ary koa, ho an'ny maro izay mivory eto ankehitriny. Maro no marary sy manana ilaina. Hitanay izy ireo miaraka amin'ny tehina sy ao amin'ireo seza, ary seza misy kodiarana, ary izy ireo—mila ny Famindramponao izy ireo. Mivavaka izahay, Tompo, mba Hanekenao an'izany ho azy ireo, betsaka. Enga anie izy ireo hiala avy eto, mifaly, sitrana ary salama. Maro no tsy maneho ny fahoriany, fa, kanefa, angamba aretim-po no efa maka azy ireo mihitsy, na homamiadana, na demonia mahatahotra. Mivavaka izahay, Tompo, mba ho voaroaka izy izao maraina izao. Hivoaka avy eto izy ireo, faly, salama.

3 Tsaroanay io zazalahy kely io izay—izay eo am-pahafatesana. Nolazaina taminay, avy amin'ny olon-tiana iray, fa voan'ny homamiadana ary ho faty androany, raha tsy mitsotra mankany amin'io zaza io ny Famindramponao. O Tompo Andriamanitra, mamindrà fo amin'io zazalahy kely io. Omeo fanafahana izy, Tompo; raha izany no Sitraponao Masina. Tena faly izahay nohon'ny fijoroany vavolombelona, fa nanaiky Ny Rànao izy, hany ka nangataka tamin'ny dadany izy mba handevina azy ao anatin'ny mena, mba ho fantatr'izy ireo fa voasaron'ny Rà izy. Misaotra Anao izahay, Tompo, nohon'ny finoana matanjaka an'ireo mahery fo kely, mandeha mandroso hihaona amin'ny fiafaran'ny fiainana, mamihina ao am-pony ny hazo fijaliana, ary maneho ny mariky ny Rà eo. Raha azo atao, Tompo, tsimbino ilay zazalahy kely, avelao ho velona izy. Nangataka ho an'ireo hafa izahay.

4 Ary avy eo, Tompo, mivavaka izahay ho an'ireo fotoana izao maraina izao. Misy ny sasany eto, angamba, izay tsy

mahafantatra Anao ho Mpamonjiny. Raha izany no izy, dia enga anie ho ity no andro hahitan'izy ireo Anao ho sarobidy amin'ny fiainany, amin'ny maha-Mpamonjy iray. Ireo izay mila fanasitranana, dia hahita Anao ho Mpanasitrana. Tompo, enga anie Ianao ho tonga amin'ny Mpanomponao, izao maraina izao. Enga anie aho hahita Anao ho Mpitory teny. Fa, apetrakay Aminao ity rehetra ity, mangataka ny Hamalianao amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Amena.

5 Faly foana izahay ny tonga ato an-tranon'ny Tompo, sy ao amin'ny Assembly of the Firstborn. Ary izaho dia, toy ny mahazatra, tara. Tsy nihevitra aho fa ho tonga teto, raha tsy nanakana fiara. Vazivazy tsara iray ho an'ny vadiko ity. Mipetraka eto izy, any ho any. Niainga izy aninkeo maraina, ary tany ambany rihana aho nianatra. Ary hoy izy hoe, "Aty amiko ireo fanalahidy, Billy." Ary hitako, fa izy dia nanana ny fanalahidin'ny garazy, ihany koa. Tsy afaka niditra aho. Nanana fotoana sarotra aho.

6 Ary afaka kelikely, dia tsy nahita ahy i Billy, ary hoy izy hoe, "Manontany aho hoe nahoana izy no tsy tonga." Dia niantso ahy izy.

7 Hoy aho hoe, "Tongava haingana mihitsy ianao." Hoy aho hoe, "Satria tsy manana fomba handehanana any ampiangonana aho." Noho izany izahay dia . . . Faly aho ny tonga eto. Noho izany, tara aho.

8 Saingy, fantatrareo, satria miditra ao amin'io faritra hafa io isika, izay tsy misy fotoana intsony, dia manomboka manadino mikasika ny fotoana isika. Mitsonika ao anatin'ny Mandrakizay izany rehetra izany, ary tsy misy fotoana intsony. Tsy misy fetram-potoana.

9 Tsy maintsy ho nanana zavatra tahaka an'izany i Paoly tao an-tsainy, tamin'ilay alina izay nitoriany teny nandritry ny alina manontolo. Nianjera avy teo amin'ilay tranobe ny zazalahy iray ka namono azy. Ary nametraka ny vatany teo ambonin'ilay zazalahy i Paoly, dia niverina tamin'ilay ankizilahy indray ny aina.

10 Mino aho fa nilazana, avy tamin'ny pasitera, izao ankehitriny izao, fa manana zazakely kely izay tian'izy ireo atolotra izy ireo izao maraina izao. Noho izany raha hitondra an'ilay zaza kely ilay reniny, izao ankehitriny izao, hatolotray ho an'ny Tompo izy, izy na izy, na mety ho inona izy. Ary somary tiako ny fotoam-panolorana. Handroso ve ianao, Rahalahy Neville?

11 Manao ahoana, ranabavy. Iza no anaran'ilay zaza kely? [Hoy ilay anabavy hoe, "Frank Wayne Dabney."—Mpand.] Frank Wayne Dabney. Tsy mpihavana amin'i Robert Dabney ve ianao, sa tsy izany? Frank Wayne Dabney, firy taona izy? ["Valo herinandro."] Valo herinandro. Tsy dia ela izy no teto

amin'ity tontolo ratsy ity. Eny, izy no vokatry ny firaisanareo. Ary ankehitriny dia te-hanolotra azy ho an'Andriamanitra ianao, mba hahatonga azy ho Mpanompony. Marina ve izany, ranabavy? Andriamanitra hitahy ianao.

12 Eny, mihazona harena kely iray aho eto, anankiray tena mahafatifaty. Jereo fotsiny ity, Frank Dabney kely.

Ndao isika hivavaka.

13 Ray any An-danitra malala, tamin'ny andro Nandehananao teto an-tany, tao amin'ny endrik'olona, antsoina hoe Tompo Jesosy, dia nitondra an'ireo zazakely teo Aminao izy ireo. Ary nametraka ny Tànanao teo amin'izy ireo Ianao ka nitso-drano azy ireo, ary nanao hoe, "Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo, fa an'ny toa azy ny Fanjakana." Ity reny ity dia manolotra eo an-tsandriko, izao maraina izao, an'ity zazalahy kely ity, izay atolotro Anao. Mivavaka aho, Tompo, mba Hitahianao an'ilay zaza kely. Tahio ny tokantranony. Enga anie izy ho voataiza ao amin'ny tokantrano Kristiana iray. Amin'ny fananaran'Andriamanitra, no enga anie hitaizana azy. Ary raha misy rahampitso iray, dia enga anie izy hitory ny Filazantsara raha tena izany no Voatendrinao. Omeo fiainana lava izy, salama. Tahio ireo raiamandreniny. Enga anie ny zavatra tsara rehetra izay Nampanantenainao, ho tonga eo amin'ity zazalahy kely ity. Natolotry ny reny teo an-tànanay izy, amin'ny mahaloholon'ny fiangonana. Ary ankehitriny dia atolotray Anao izy. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie Ianao hitahy an'ity zaza ity. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, ry Frank kely. Hevero fa tena mamy izy ireo!

14 Tokony hivavaka ho azy ireo aho rehefa manana ny hosotra aho . . . ? . . . Manana mosara vitsivitsy isika eto mba hivavahana, fa aleoko manao an'izany aorian'ny anombohantsika hivavaka ho an'ny marary, ary ny hosotra tonga ho an'ny asa. Noho izany dia ho tsara kokoa ho antsika raha mivavaka ho azy ireo isika amin'izany fotoana izany.

15 Faly aho mahita ny maro amin'ireo sakaizako ato. Mino aho fa mahita an-dRahalahy Charlie Cox ery aoriana ery ato amin'ny fivoriana. Ary mahita an-dRahalahy John O'Bannon koa aho, avy any Louisville. Ary sakaiza maro hafa, manodidina, izay izaho—fantatro. Ary noho izany dia faly izahay manana anareo ato, mivory miaraka aminay izao maraina izao, mba hanompo ny Tompo.

16 Ankehitriny isika dia manantena, afaka kelikely, ny hanomboka fifohazana iray eto mandritra ny andro vitsivitsy. Mivavaka ho an'izany isika. Tsapako fa raha tsy mitondra fifohazana iray Andriamanitra, na mametraka an'izany ao ampontsika, amin'izay fotoana izay dia ezatsika manokana ilay fifohazana. Fa avy eo raha miandry isika, ary Tsapany fa izany

no fotoana ho an'ny fifohazana iray, amin'izay fotoana izay dia Izy no mandatsaka an'izany ao am-pontsika, avy eo dia mahatsapa ny hanana an'ilay fifohazana isika.

17 Sakaiza iray hafa izay mipetraka eto, ny ray sy renin-dRahalahy Wood, ary iray amin'ireo mpitantan-draharahantsika eto amin'ny fiangonana. Faly isika manana azy ireo izao maraina izao.

18 Ary nidina teny an-dàlambe, omaly, ny lehilahy iray izay nipetraka teto an-tanàna, lehilahy kely masiaka be. Ary tiako foana izy, ary zazalahy mahafinaritra. Ary nipetraka nifanila tamin'izy ireo ny vadiko. Ary izy dia karazana mpihira iray, sy mpitendry zava-maneno. Ary nipetraka teo izy taloha ary nikapokapoka tamin'ny tongony, nanao satroka cowboy goavana iray, ary nitendry lokanga. Fa niasa tao amin'ny WPA izy. Ary indray andro dia nisy zavatra nitranga, izay mampahatsiahy ahy foana, na nijanona tao an-tsaiko, raha ny marina, nandritra ny ela be. Tsy niala mihitsy izany. Nanana zanaka kely maro izy; vady maha-te-ho tia. Nahantra arak'izay mety naha-izy azy izy ireo, tahaka antsika rehetra.

19 Ary hitako, nitsangana teo amin'ny tohatra, nilahatra, niandry ny sekin'io WPA io ho tonga. Tonga teny an-dàlambe ny fakitera. Tena faly izy ireo. Paska ny ampitso. Saika hividy vatomamin'ny Paska vitsivitsy izy ireo na zavatra, rehefa tonga ny sekin'i dada. Fa rehefa tonga ilay fakitera, dia tsy nanana ny sekin'i dada izy. Hitanareo io fijery diso fanantenana io teo amin'ny endrik'ireo ankizy madinika ireo, ary niraikitra tamiko foana izany, tena fahadisoam-panantenana iray.

20 Tsy nahita an'ilay lehilahy aho, nandritra ny taona maro. Ary omaly, nidina teny an-dàlambe, rehefa izaho . . . Nivoaka avy tao amin'ny fivarotana lehibe izahay mivady, na ilay Quaker Maid an'ny tanàn-dehibe, iza no nifanena tamiko, nifanatrika, raha tsy izy? Ary ny iray amin'ireo zavatra voalohany izay tian'izy ireo notenenina amiko, dia lasa Kristiana iray izy. Tsy nisotro nandritry ny taona maro izy. Ary faly aho manana anao, Atoa. Logston, mipetraka eo amin'ny seza eto aloha, ato amin'ny fiangonana, izao maraina izao. Mambran'ny fiangonan-dRahalahy Junior Cash any Charlestown izy, Indiana, rahalahy tena mahafinaritra. Tsara kokoa ny ho Kristiana iray noho ny any ivelany any amin'izao tontolo izao. Sa tsy izany? Ankehitriny, heveriko fa mihira ao amin'ireo fandaharana izy, ary mitendry ny mozikany, ho an'ny voninahitry ny Tompo. Amboara iray hafa fotsiny an'ny fahasoavan'Andriamanitra mahagaga.

21 Te-hitsangana fotsiny ve ianao, Atoa. Logston? Izaho tsy . . . Mamolava iray ity lehilahy ity taloha. Iray amin'ireo mpitendry amin'ny dihy nentim-paharazana eto, fantatrareo, ireo lokanga sy ny sisa. Ankehitriny dia niova fo ho amin'ny

Fanjakan'Andriamanitra izany rehetra izany, ary eto izy, manao hoe, "Misaotra Anao, ny amin'izany, Tompo." Oh, rehefa . . .

22 Niteny tamin'Atoa. Wood aho, omaly. Hoy aho hoe, "Rehefa ianao sy mama, no tonga eny amin'ilay ilany hafa ary manana ny fonenanareo, ary indray maraina rehefa tena faly ianareo, ary eny ampitan'ireo havoana, ary ao anatin'ny lempona iray, any ho any, izay misy tranobongo kely naorina eo, rehefa mivoaka eo amin'ny lavarangana aho, ary tonga eo ka mitsangana eo amin'ny lavarangana, dia hampanakoako manerana an'ireo lempona rehetra ireo aho hoe:

Fahasoavana mahagaga! tena mamy ilay feo,
Namonjy mahantra iray tahaka ahy!
Very aho fahiny, fa hita aho ankehitriny,
Jamba, fa mahita aho ankehitriny.

23 Niteny tamin'Atoa. Wood aho, hoy aho hoe, "Eny, kapokapohy eo amin'ny soroka i mama, manaova hoe, 'Deraina Andriamanitra! Vitan-dRahalahy Branham ilay izy. Io izy, ao anatin'ny tranobongo keliny etsy.'" Raha mba tonga Any aho, dia ho amin'ny alàlan'ny fahasoavana mahagagan'ny Tompo Jesosy izany.

24 Ankehitriny dia afaka manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ve isika alohan'ny hanokafana ny Teny.

25 Tompo zavatra tahaka ny vondron'ankizy iray izahay. Manana an'ireo ampahan'olombelonay izahay, ary, izahay, ny fanaovanay kivazivazy, ny fiombonanay miaraka. Ankehitriny dia tonga eo amin'ity ampahany masina indrindra amin'ny fotoana rehetra ity izahay, mba hamaky ny Teny tsy mety diso an'ilay Andriamanitra velona. Hangataka aho, Tompo, mba Hitenenanao ny Teny tsirairay. Enga anie Izany hivoaka ka hilentika ao am-pon'ny olona, ary hijinja ny vokatra izay nikasana azy. Enga anie ny Fanahy Masina lehibe ho tonga eo anivonay ankehitriny, ary raiso ireto Teny izay ho vakiana ireto, ka zarao ho anay Izany, tsirairay, arak'izay ilainay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy sy nohon'ny Aminy izahay. Amena.

26 Ao amin'ny Salamo faha-80, maniry aho ny hamaky ampahany iray.

> *Mihainoa, O ry Mpiandry ny Isiraely, ianao izay mitondra an'i Josefa toy ny ondry; ianao . . . mipetraka eo anelanelan'ny kerobima, mamirapirata.*
>
> *Eo anatrehan'i Efraima . . . Benjamina ary Manase fohazo ny herinao, ka avia ary vonjeo izahay.*
>
> *Ampodio indray izahay, O Andriamanitra, . . . ampamirapirato ny tavanao; ary aoka hovonjena izahay.*

*O Tompo Andriamanitry ny maro, mandra-pahoviana* no *ho tezitra amin'ny* vavaky *ny olonao ianao?*

*Mamahana azy ireo amin'ny mofon-dranomaso ianao; ary omenao ranomaso tovozina ho sotroina izy ireo.*

*Ataonao ho fifandirana amin'ny* mpiara-monina *aminay izahay: ary mihomehy anay ny fahavalonay.*

*Ampodio indray izahay, O Andriamanitry ny maro,. . . ampamirapirato ny tavanao; ary aoka ho hovonjena izahay.*

*Nitondra voaloboka avy tany Egypta ianao: nandroaka an'ireo mpanompo sampy ianao, ka* efa *namboly azy.*

27 Ny lohahevitro izao maraina izao, raha avelan'ny Tompo izany, mandritra ny fotoana fohy fotsiny, dia ho eo amin'ny: *Mamboly Ny Voaloboka Ary Aiza No Ambolena Azy*.

28 Hafahafa ilay izy hoe ahoana no anehoan'Andriamanitra, ao amin'ny toerana maro, ny Olony amin'ny fomba samihafa. Vao tsy ela akory izay dia niresaka isika teo amin'izay Nanehoany antsika tahaka ny voromahery, ka Izy Tenany no Voromahery, ary isika Zana-boromahery keliny. Ary matoky aho fa handeha tsara ny zavatra rehetra. Tamin'ny fotoana farany niresahako teo amin'izany, dia naharay taratasy iray aho izay . . . Io tanàna lehibe io, maro aminareo no mahafantatra hoe taiza no nisy azy, any Ohio, izay nivorian'ny fikambanan'ny mpitoriteny ary nanameloka an'ireo fivoriako satria mino aho fa Andriamanitra dia niantso olona iray ho amin'ny Fiainana Mandrakizay talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary araka ny finoako, raha Andriamanitra no Andriamanitra, ary efa Andriamanitra hatramin'izay, dia mbola Andriamanitra foana Izy, ary efa Andriamanitra foana. Raha tsy nahafantatra ahy Izy talohan'ny nahatongavan'izao tontolo izao tamin'ny fisiana, amin'izay fotoana izay dia tsy Andriamanitra Izy.

29 Maro aminareo no efa namaky teto amin'ny sahan'ny foara, sy ny sisa, mikasika an'io fahatsapana ambonin'ny taovampanamboloana io. Ary ny sasany amin'izany dia, mazava ho azy, nisy fiantraikany tamin'ny asam-panompoako. Fa, raha mba nianatra na nanana fomba iray nianarana tantaran'angano ianareo, angano: "zavatra izay toy ny hoe misy izany, saingy tsy misy izany."

30 Ary ao amin'ny Soratra, dia hitantsika fa nanohitra an'i Mosesy i Jambra sy i Jana tamin'ny fanaovana an'ilay saiky zavatra iray ihany izay nataon'izy ireo, tamin'ny fanipazana an'ilay tehina ary nivadika ho menarana iray. Niantso loza i Mosesy. Ary izy ireo dia afaka niantso loza, ihany koa, saingy tsy afaka nanaisotra an'ireo loza. Tsy afaka nanasitrana izy ireo, satria Andriamanitra irery ihany no mpanasitrana. Fa afaka nanao ny loza ho tonga izy ireo, avy eo dia nesorin'i Mosesy izy ireo. Noho izany dia tonga ilay fanehoan-kery farany, izay

nanaovan'i Mosesy arak'izay notenenin'Andriamanitra taminy mba hatao mihitsy.

31 Ary fantatro, io rehetra izay miseho io, eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao, dia ho tonga amin'ny fampisehoankery lehibe iray indray andro any. Satria, hoy ny Baiboly hoe, "Tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy, dia ho toy izany koa no hanoheran'ireo olona maloto saina, mikasika ny Finoana, amin'ny andro farany, fa ho voaseho ny hadalan'izy ireo." Faminaniana iray izay tsy maintsy ho tanteraka izany, ary afaka mahita an'ireo lafiny roa mipoitra ianareo ankehitriny.

32 Fa nanao an'izay notenenin'Andriamanitra mba hataony marina tokoa i Mosesy. Natsipiny ilay tehina ka nivadika ho menarana iray izany. Ary nivoaka ireo mpanandro ireo ka nanipy ny tehiny ary nivadika ho menarana iray izany. Teo amin'ny faran'ny fahaizany i Mosesy, ary teo amin'ny faran'ny heriny.

33 Fa eo no tian'Andriamanitra hitondrana antsika, eo amin'ny faran'ny làlantsika mihitsy, avy eo dia miditra Izy. Tahaka an'izany fotsiny Izy. Angamba tena marary ianareo, izao maraina izao, hany ka milaza ny dokotera fa tsy afaka ho velona ianareo. Ny olona maty an-drano dia hamikitra mololo iray. Tahaka an'izany ilay izy rehefa miezaka isika ny hahazo . . . Izay rehetra azontsika iasana, ny tenantsika, izay maha-olombelona, dia hataontsika izany. Fa rehefa tonga amin'ny toerana iray izay tsy misy fanantenana hafa ilay izy, ireo izay tsy mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra dia hino eo no ho eo. Izany no fanantenan'izy ireo tokana.

34 Ary Mosesy dia teo amin'ny faran'ny fahatakarany, noho izany dia niditra Andriamanitra ka nanao ny menaranany hihinana ny menaranan'ilay lehilahy hafa. Avy eo dia tsy nisy intsony ny menaranany.

35 Ankehitriny, amin'ny fahatsapana ambonin'ny taovampanamboloana, sy amin'ny tantaran'angano, ary ireo momba ny fanahy rehetra, dia mamelà ahy fotsiny, alohan'ny hanombohako ny lahateniko, hanitsy an'izany aminareo, nohon'ny fanampian'Andriamanitra, raha vitako, ny devoly dia afaka manao ny zavatra ho toa marina, nefa manaporofo foana izy ireo fa tsy marina izy ireo. Ankehitriny, tsy mbola afaka nahazo sary iray an'ny iray amin'ireo fanahy eto izay asehon'izy ireo mihitsy izy ireo, satria tsy misy tokoa izy ireo.

36 Fa rehefa tonga ny fotoana hanaporofoin'Andriamanitra amin'ny siansa, hoe Izy no Andriamanitra, dia Navelany halaina ilay sary. Maharitra mandrakizay izany. Hoy ny mpandinika hoe, "Ilay Hazavana no namely an'ireo fitaratra boribory. Teo tokoa ilay Hazavana. Tsy psykolojia izany." Noho izany, hitanareo, izay ataon'Andriamanitra no maharitra.

37 Natelin'ny menaranan'i Mosesy ny menaranan'ireo hafa. Ary afaka nandray an'izany teny an-tànany izy, ary ny

menaranan'izy ireo dia tao anatin'io tsorakazo io. Izay ataon'ny devoly dia angano. Izay ataon'Andriamanitra dia tena misy. Noho izany, tiako izany hilentika ao anatin'ireo fo. Rehefa mamonjy olona iray Andriamanitra, dia voavonjy izy. Aza manahy ny amin'izay hihemorana; tsy afaka ianareo. Izay ataon'Andriamanitra dia Mandrakizay. Ny devoly dia afaka manamboamboatra anareo ary manao anareo hino fa voavonjy ianareo. Fa rehefa mamonjy anareo tokoa Andriamanitra, dia manana an'izany hatrany foana ianareo, satria manana ny Fiainana Mandrakizay ianareo. Jesosy no niteny an'izany.

38 "Izay mandre Ny Teniko, ka mino an'Izay naniraka Ahy no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny Fitsarana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izany dia Mandrakizay tahaka an'Andriamanitra Izy tenany, satria Ny Teniny izany.

39 Andriamanitra dia Andriamanitra tokana. Tsy afaka manafangaro ny Tenany amin'ireo zavatra hafa Izy, tsy azo zarazaraina Izy. Andriamanitra dia Andriamanitra. Ny didy voalohany dia, hoe, "Aza manana andriamanitra hafa eo Anatrehako."

40 Noho izany dia tsy afaka manafangaro menaka sy rano ianareo ka hanao an'izany hety tsara. Izany dia tsy maintsy na rano na menaka. Ary Andriamanitra dia mbola ilay Andriamanitra tsy miova foana. Manana fivavahana izay mifangaro isika ary manao hoe, "Andriamanitra dia, taloha dia nanao an'*ity,* ary tsy manao an'izany amin'izao andro izao," amin'izay fotoana izay dia miezaka isika ny manafangaro ny menaka sy rano. Satria, Izy . . .

41 Hoy ny Soratra hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Tsy hifangaro amin'ny tsi-finoana fotsiny izany; tsy hifangaro ny finoana.

42 Manana finoana an'Andriamanitra isika. Mandrakizay izany. Efa nisy foana ny tsi-finoana, hatrany amin'ny sahan'i Edena. Tian'Andriamanitra hino an'izany foana ny Olony. Tiany hanana fahatokiana izy ireo, ary mba—mba haneho ny Tenany eo anivon'ny Olony. Andriamanitra dia Fanahy iray.

43 Ao amin'ny Masindahy Jaona ny toko faha-15, andininy faha-1, hoy Jesosy hoe, "Izaho no Voaloboka; ianareo no sampana." Ankehitriny, ny sampana sy ny Voaloboka dia mifandray miaraka. Ary Andriamanitra dia niezaka foana hahita vahoaka iray izay tena Azony hitoerana, mba Ahafahany maneho ny Voninahiny eo anivon'ny Olony.

44 Noho izany dia mamaky isika eto fa niantsoantso i Davida, ka nanao hoe, "O Tompo Andriamanitra, miverena aminay indray. Efa nanota izahay ka nihodina niala Taminao. Ianao Izay mipetraka eo anelanelan'ny alitara sy ny kerobima, mamirapirata indray." Satria fantany fa indray mandeha dia Izy

no Andriamanitra teo anivon'izy ireo, ary fantatr'i Davida fa mbola Andriamanitra foana Izy. Nisaraka Taminy ny olona. Tsy namirapiratra intsony Andriamanitra. Tsy hoe satria tsy afaka namirapiratra Izy. Satria nandà ny Famindrampony tamin'izy ireo ny olona, nohon'ny fahotany. Noho izany dia tonga eo amin'ny lahatenintsika i Davida. Salamo 80:7.

45 Hoy izy hoe, "Nanongotra voaloboka iray Ianao, tany Egypta, ary nitondra azy ka namboly azy teo amin'ny toerana tsara iray." Isiraely izany, vahoakan'Andriamanitra izay tany Egypta. Voaloboka tsara izy ireo. Nofidin'Andriamanitra izy ireo. Fa raha tsy apetraka ao amin'ny tany tsara ny voaloboka tsara iray, dia tsy hamoa voa tsara izy. Miankina amin'izay nambolena an'ilay voaloboka, no hamaritra an'ireo valin'ny vokatra. Noho izany, Andriamanitra dia naka ny Isiraely, avy tamin'ny tany karakaina iray.

46 Zavatra tahaka an'izao andro izao izany. Isika dia manana, ato amin'ny firenena, mpino lehibe sy tsara maro, ary mifangaro ao amin'ireo fiangonana ara-anaram-piangonana rehetra izy ireo. Avy amin'ny anaram-piangonana samihafa sy ny lafim-piainana samihafa izy ireo. Izany no antony, ao amin'ny asam-panompoako, tsy niezahako mihitsy, tamin'ny fotoana rehetra, nanambany olona iray na anaram-piangonana iray, satria, ao anatin'izy rehetra ireo, dia misy olona tsara. Olona nantsoina sy nofidian'Andriamanitra izy ireo.

47 Afaka hanameloka ny Isiraely ve ianareo raha mbola tany Egypta izy? Niainga tamin'ny tongotra tsy izy fotsiny izy ireo. Ary ny fahotan'izy ireo no nampisaraka azy ireo tamin'ny—tamin'Andriamanitra, ka nambolena tany Egypta izy ireo.

48 Tahaka an'izany ny olona maro, ao anatin'ireo fiangonana amin'izao andro izao, olona tsara nambolena tao amin'ny toerana tsy izy fotsiny. Ankehitriny raha nentina teo amin'ny Kristy ny tena mpino iray, ary nambolena tao amin'ny anaram-piangonana lehibe iray izay tsy mino an'ireo fahagagana sy ny famantarana ary zava-mahagaga an'ny Tompo izy, mety ho Kristiana iray tena izy io olona io, ary Katolika iray, Batista, Presbyterana, Vavolombelon'i Jehovah, zavatra hafa. Ao amin'io fiangonana io, Voalobok'Andriamanitra iray tena izy, saingy ilay fanekem-pinoana ara-anaram-piangonana no manaisotra ny Ain'io Voaloboka io. Tsy afaka mitondra ny Voany Izy.

49 Ary, mazàna, izay voa azonareo avy amin'ny voaloboka izay fohy na tsy ao anaty tany tsara dia voa ratsy. Hivoaka tahaka ny paoma izy, ary hivontovonto sy hohanin'ny olitra. Lasa sakafon'ny bibikely rehetra izy.

50 Ny voaloboka salama tsara dia tsy voatery ho fafazana akory aza. Salama tsara izy mba hanosika an'ireo fahavalony rehetra.

51 Toy izany koa ny Kristiana nateraka indray. Tsy mila mamafy azy ireo foana ianareo, ary mikapokapoka azy ireo eo

amin'ny lamosina. Salama ara-panahy izy ireo ampy hanosika ny fanafintohinana rehetra an'izao tontolo izao. Miaina amin'ny tena sakafo izy ireo.

52 Ny hazo iray indraindray, izay. . . na ny zava-maniry iray izay tany amin'ireo toeran'ny tany efitra, ka tsy manana hamandoana ampy hivelomana, dia hamoa voa mivontovonto kely, ary tsy mitovy amin'ny voa izay tokony ho avy amin'ny voalobony izy.

53 Ry rahalahiko, anabaviko, tahaka an'izany ireo fiangonana amin'izao andro izao. Miditra ilay mpanota, aorian'izay, angamba, teo ambanin'ny faharesen-dahatra tany an-trano, mandeha ary mamaky ny Baiboliny, ary mandeha any ampiangonana. Raha tokony hahita paoma na voaloboka lehibe matsiro tsara, ny Fiainan'ny Tompo Jesosy izay novokarina indray ao amin'ilay Fiangonana, dia mahita fisainana kely, mivontovoto, lanin'ny olitra, ara-anaram-piangonana, kely izy. "Izahay Batista, izahay no manana azy. Tsy misy idiran'*izy ireo* amin'izany. Izahay Metodista, izahay no manana azy." Ireo sandrin'Andriamanitra dia mitsotra avy amin'ny ranomasina mankany amin'ny ranomasina, ary avy amin'ny morona mankany amin'ny morona, afaka mamonjy hatramin'ny farany indrindra. Saingy izany no hitantsika any amin'ireo toerana izay alehantsika.

54 Izany dia tahaka ny nolazain'i Davida koa, indray, ao amin'ny Salamo 1. Hoy izy hoe, "Sambatra izay olona tsy hikambana amin'ireo olona mpaniratsira sy tsy masina ireo, tsy mifandray amin'izy ireo, tsy mipetraka eo amin'ny seza miaraka amin'izy ireo. Fantatrareo, hoy ireo mpaniratsira hoe, 'Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Ary ny batisan'ny Fanahy Masina dia mody-finoana fotsiny.' Sambatra ny olona izay tsy hanao an'izany. Sambatra ny olona izay hitsangana hanohitra ny zavatra tahaka an'izany. Tsy te-hanafangaro azy ireo miaraka izy ireo. Ary tsy afaka manafangaro an'ireo zavatra ireo miaraka ianareo. Sambatra ny olona izay tsy hanakambana ny tenany sy amin'ny iray amin'ireo zavatra izay mandà ny Herin'ny Tompo ireo."

55 Hoy ny Baiboly hoe, "Mivoaha avy eo anivon'ny tahaka an'izany, fa ho avy ny andro izay haha-kirina azy ireo, mpieboebo, tia fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny: alaviro ny tahaka an'izany."

56 "Sambatra ny olona izay tsy hanakambana ny tenany amin'ireo mpaniratsira ireo, maneso, miantso an'ilay Fiangonana marina hoe, 'andiana fanatika.' Ho tahaka ny hazo izay ambolena eo amoron'ireo reniranon'ny rano izy." Napetrak'Andriamanitra eo amin'ny toeran-tsafidy iray izy.

"Ny voany tsy halazo. Izy dia hamoa ny raviny sy ny voany amin'ny vanim-potoana." Diniho hoe ahoana no nilazan'i Davida an'izany. "Sambatra izany olona izany. Hambolena izy," fa tsy napetraka fotsiny. Fantatrareo, tiako ny mahita zavatra iray nambolena.

57 Ankehitriny, Isiraely, tany Egypta, dia tsy nambolena. Napetraka fotsiny izy ireo. Tsy toeram-ponenan'izy ireo tany am-boalohany izany. Ary olona iray izay Kristiana iray, izay mametraka ny fitodiany Mandrakizay eo ambonin'ny fanekem-pinoana ara-anaram-piangonana iray, dia tsy eo amin'ny tena toerany izy. Nateraka mba ho afaka izy, ary zanak'Andriamanitra iray, mba hanompo an'Andriamanitra. Saingy eo ambanin'ny fanekem-pinoana iray izy, tsy afaka mamokatra ny voany izy, kanefa misy zavatra ao anatiny maniry ny hanao an'izany.

58 "Ho tahaka ny hazo ambolena eo amoron'ireo reniranon'ny rano izy." Ireo renirano, maro; rano, tokana. Renirano maro miditra ao amin'ny fantsona anankiray. Amin'ny teny hafa, dia ho tahaka ny olona iray ao amin'ny Soratra izy, izay mino ny Tenin'Andriamanitra rehetra, izay ahafahan'ny Hery sy ireo fanomezam-pahasoavana sivy mikoriana, amin'ny alàlan'Andriamanitra anankiray, mankao anatin'ny tenany lalina indrindra.

59 Tsy mino ny fikiakiahana ny olona, ny zavatra amin'ilay izy dia, tsy manana fifaliana ara-panahy izy ireo, izay ahafahan'ireo hafalian'ireo ranon'Aina hikoriana. Izany ilay olana manontolo amin'ny Branham Tabernacle, satria io tsi-finoana io, ny fiahian'izao tontolo izao no namatotra ny olona hany ka tsy afaka hamokatra fitomboana ara-panahy izy.

60 Izany no olana amin'ny firenentsika. Izany no olana amin'ireo fiangonantsika. Tsy manana fifaliana izy ireo. Ary efa lasa ny fifalian'ny Tompo. Araka ny voasoratra indray mandeha ao amin'ny Soratra, ilay teny Hebreo hoe Ikaboda, izay midika hoe, "Efa lasa ny Fanatrehan'ny Tompo." Izany no eo amin'ireo fiangonantsika, satria nihataka tamin'ilay fototra tany am-boalohany isika, ka nametraka ny tenantsika tao amin'ireo fanekem-pinoana sy anaram-piangonana, ary namela an'ireo zavatr'izao tontolo izao hanala ny fahatsapantsika miaraka amin' Andriamanitra.

61 Oh, mandehana miaraka amiko ho any Arizona. Avelao aho hitondra anareo any amin'ireo tany efitra, izay noteteziko nandritry ny taona maro. Ny zavatra rehetra any amin'ny tany efitra dia manana tsilo iray eo aminy. Ny zava-maniry kely rehetra izay hatoninareo, aza manakaiky azy, hanindrona anareo izy. Manana an'ireo tsilony mivoaka avy hatrany izy isan'andro, vonona ny hanindrona ny zavatra rehetra izay manakaiky azy. Inona no olana? Inona no nahatonga azy ho tsilo

iray? Satria tsy nanana rano izy. Izany no nanamaina azy. Io tsilo io dia ravina iray, mihorona. Nohon'ny tsy fahampian'ny rano, dia lasa tsilo iray izy.

62 Tahaka an'izany ny fiangonana, amin'izao andro izao, hoe rehefa manalavitra an'ilay Loharanon'Aina ny fiangonana, rehefa manalavitra an'ireo fifalian'ny famonjena izy, rehefa manalavitra ny Tompo Andriamanitra izy, amin'izay fotoana izay dia lasa tsilo iray io olona io, mahita fahadisoana foana, manindrona, vantany vao manatona ianareo, "Presbyterana aho. Metodista aho. *Izao-sy-izao* aho. Aza miresaka amiko mikasika an'izany karazan-javatra izany." Tsilo iray! Tsy manana voa izy.

63 Alaivo io zava-maniry iray io ihany, raketa, ary apetraho amin'ny tany mandritra ny taranaka vitsivitsy izy, izay misy rano betsaka, fa hisokatra io tsilo io ary ho lasa ravina malefaka, mitondra voa.

64 Inona no olana amin'ny fiangonana amin'izao andro izao? Efa napetraka ao anatin'ny anaram-piangonana iray izy, izay nametraka fanekem-pinoana ara-anaram-piangonana ary namatotra azy, tsy misy fifaliana, famafazana iray fotsiny matetitetika, an'ny fifohazana kely mba hihazonana azy. Ny tokony hilainy, dia ny mivoaka avy eo anivon'ireo mpaniratsira sy tsi-mpino, ary hambolena eo amoron'ireo reniranon'ny rano.

> Satria misy Loharano feno Rà,
> Nosintonina avy tamin'ny làlan-dràn'Imanoela,
> Ka ireo mpanota, (tsi-mpino) mitsoboka ao ambanin'ilay riaka,
> Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.

65 "Hazo iray," hoy i Davida, "izay nambolena teo amoron'ireo reniranon'ny rano." Oh! Tsy afaka hampikoriana ny Tenany eo amin'ny raketa iray Andriamanitra.

66 Ankehitriny, ny rano dia maneho aina. Fantatsika fa i Mosesy, tany an-efitra, nikapoka an'ilay Vatolampy izy, ary namoaka an'ireo ranon'aina ho an'ny vahoaka iray teo ampahalevonana izany. Ary hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny nikapohan'i Mosesy ny vatolampy tany an-efitra, dia toy izany koa no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona," ary nokapohina Izy.

67 Ao anatin'ny selan-drà ny aina. Ary tsy afaka mivoaka io Aina io raha tsy voasakana sy tapaka ilay Selan-dRà.

68 Rehefa namoaka ny Isiraely Andriamanitra, dia Nomeny andrana iray izy ireo, amin'ny maha-firenena iray. Nongotany tany Egypta izy ireo, teo anivon'ireo tsi-mpino. Ary nitondra azy tao amin'ny Fiahiany malefaka, teo ambonin'ny elatry ny voromahery iray, io voromahery lehibe io, Mosesy, izay nitarika azy ireo nitety toerana, niezaka nitondra azy ireo tao amin'ny toetra, mba hiampita. Nandritra ny efapolo taona no Nitarihany azy ireo sy namahanany azy ireo tany an-efitra. Ary nanamasaka ny tany Izy, tany tsara iray, tanin-tsafidy iray. Ary naneho ny

Fahagagany Izy, ireo famantarana sy fahagagana, nandritra ny efapolo taona tany an-efitra. Nanao fahagagana sy famantarana Izy, tamin'ny alàlan'io mpaminany io, mba hanehoana fa Izy no Andriamanitra. Iza no manamaina ny ranomasina afa-tsy Izy? Iza no afaka namely an'i Egypta afa-tsy Izy? Iza no sahy nanangana tànana iray afa-tsy Izy? Saingy, teo afovoan'izany rehetra izany, dia Andriamanitra Izy, ary naneho ny Tenany ho Andriamanitra Izy. Azo antoka fa Tiany hanao an'izany ny Olony.

69 Avy eo dia Novontosany ny tanin'i Palestina, tamin'ny ràn'osy sy ombivavy, ombilahy, ondry. Fa tsy afaka nitsangana ny olona. Tsy ampy izany, satria ny ain'ny ombilahy . . . Tapaka ilay selan-drà, ary niverina ilay aim-biby, tsy nifanaraka tamin'ny ain'olombelona izany.

70 Indray andro, dia tapa-kevitra Andriamanitra fa hamonjy ny Olony Izy, Ny Fiangonany voafidy mialoha. Tsy maintsy nanao an'izany Izy, ny Tenany, satria Izy no nanendry mialoha an'izany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

71 Ny olona dia tsy fahombiazana iray, ary ho izany foana. Tsy fahombiazana iray izy, eo am-panombohana, ary ho tsy fahombiazana iray foana izy.

72 Andriamanitra, tao amin'ny Fifidianany mialoha, tao amin'ny Sainy lehibe Manokana tsy manam-petra, dia nanomana an'ilay drafitra hamboly tena Voaloboka iray. Ary Namboleny teto amin'ity tany ity, ilay Voaloboka, ilay Voaloboka marina; tsy anaram-piangonana iray, tsy fiangonana iray, tsy fanekem-pinoana iray, fa Lehilahy iray, ny Tenany, tonga nofo. Ary Nasehony ny Fiadanany, Ny Heriny, ilay Anjelin'Andriamanitra lehibe. Nomba Azy ilay Jehovah lehibe. Ary tao Aminy no nitoeran'ny fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra ara-batana. Ary tena tsy nino Azy ny olona; ary tsy mino Azy satria tsy niara-niasa tamin'ny fanekem-pinoan'izy ireo Izy.

73 Farany, dia nentin'izy ireo nankany Kalvary Izy, teo no tapaka io Selan-dRà io, an'ilay Zanak'Andriamanitra sarobidy, ilay Vatana nipetrahan'i Jehovah. Nivoaka ny Voaloboka iray, miaraka amin'ireo Fakany any amin'ny Voninahitra, miaraka amin'ireo Sampany ety ambonin'ny tany, mba hamokatra Fiangonan'Andriamanitra velona iray, izay haneho ny Fitsanganany sy Ny Heriny. Iza ireo lehilahy sy vehivavy izay handà an'io Fiangonana io, ilay Voalobok'ilay Andriamanitra velona? Ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy tsy diso mihitsy miaraka amin'Ny Fiangonany, mba ho velona, sy haneho an'ireo Sampany voafidy mialoha, izay Azony talohan'ny fanorenana ny tany. Ary nianiana, tamin'ny alàlan'ireo, fa hanangana azy ireo Izy. Ary Ny Fiangonany, androany, miaraka amin'ny voninahitry ny Fitsanganany miaina ao Anatiny! "Izaho no

Voaloboka; ianareo no sampana." Isaky ny midoboka ny fo, dia mitempo mankany amin'ny mambra tsirairay an'ny vatana ny rà. Isaky ny midoboka ny fon'Andriamanitra mahatoky, dia mitempo amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy izany, mankany amin'ilay Fiangonana, "Na inona na inona no angatahinareo amin'Ny Anarako, dia Hataoko izany. Momba anareo isan'andro Aho, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy aza."

74 Tsy mahagaga raha nilaza i Petera, tamin'ny Andron'ny Pentekosta hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo ho fenoina ny Aina avy amin'ilay Voaloboka." Ny Fanahy Masina no manome Ny Anarany, ka raha mifandray Aminy isika, Izy dia mifandray amin'Andriamanitra, satria Izy no Faka sy Solofon'Andriamanitra.

75 Tonga teto an-tany Izy. "Izy no nanao ny tany. Tonga teto amin'izao tontolo izao Izy; fa izao tontolo izao tsy nahafantatra Azy."

76 Ary ankehitriny, amin'izao andro izao, Izy, taorian'ny Fahafatesany, mba hanomezana an'ilay Selan-dRà, mba ho tapahana, mba amin'ny alàlan'ny Ràn'i Jesosy Kristy no ahafahan'ny Fiangonana iray ho hamasinina sy voapetraka ao amin'ny lamina, mba io Fanahy Masina lehibe io, izay ny Ain'ilay Voaloboka, ny Fiainana Mandrakizay an'ilay Voaloboka, mba ahafahan'ny Fanahy Masina hitempo ao anatin'ny mpikambana tsirairay an'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona.

77 Tsy mahagaga raha olona mahatsikaiky sy hafahafa izy ireo. Tsy mahagaga raha mihetsika hafahafa izy ireo. Tsy manana raharaha amin'ity izao tontolo izao ity intsony izy ireo, satria maty izy ireo ary nalevina tao amin'i Kristy, ka nitsangana ho amin'ny fiainam-baovao iray, ho voalohambokatr'ireo izay misitraka ny fitsanganana ara-panahy, mba hitetezan'ny Fanahy Masina ny mambra tsirairay, ary haneho ny voninahitr'Andriamanitra, tahaka ny nanehoan'Andriamanitra tamin'i Egypta rehefa namoaka an'ilay Voaloboka Izy.

78 Ankehitriny, misy voaloboka dia iray. Miresaka ny amin'izany ny Baiboly ao amin'ny Mpanjaka Faharoa. Ary efa voamarikareo ve, rehefa nandeha hanangona pitipoa ity mpitory teny ity, dia lasa teo amin'ilay voaloboka dia izy. Tsy maintsy maniry eo akaikin'ny seminera iray any ho any ireo voaloboka dia ireo, satria tany amin'ny sekolin'ireo mpaminany izany. Ary naka voantangomboalavo eran'ny akanjo izy. Natsipiny tao anaty vilany izy ireo, ary niezaka nanafangaro an'izany tamin'ny tena, lasopy tena izy. Dia niantsoantso izy ireo hoe, "Misy fahafatesana ao anaty vilany."

79 Rahalahy, misy voaloboka dia iray naniry, ary maniry manodidina ny fanekem-pinoana, anaram-piangonana. Ary

rehefa tonga eo izy, dia izany no mamono ny fifaliana ara-panahy rehetra. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, maty io voaloboka io.

80 Fa tapa-kevitra Andriamanitra fa tsy ho faty ny Voalobony. Noho izany dia Nongotany Izy, avy tao amin'ireo fanekempinoana ireo, ary mameno Azy amin'ny Fanahy Masina, ary mametraka Azy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Eo no ahafahan'io Fiangonana io hitempo sy ho velona, ary hisitraka, hahatsapa ny Fanatrehan'ilay Andriamanitra velona, mandinika Azy mihetsika sy manao an'ireo zavatra izay Nataony fony Izy teto an-tany.

81 Nahoana? Ireo Sampany, ny Fifandraisany, ny Fakany, ny Fiandohany, dia Andriamanitra. Izy no Zanak'ondry voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Talohan'ny nisian'ny tontolo iray, dia niaraka tamin'Andriamanitra Izy. Izy no Faka sy Solofon'i Davida, ny Kintan'ny Maraina, ny Lisin'ny Lohasaha. Izany no naha-izy Azy.

82 Ireo Fakany dia mihorona manodidina an'Andriamanitra, manodidina ny Seza fiandrianana, manodidina ny Fanjakan'Andriamanitra. Mihorona ireo Fakany. Miparitaka eto an-tany ny Ainy. Ary Natolony Ny Ainy, mba Ahafahany miverina any amin'ireo faka ka hitempo indray, mba hamoahana sampana avy amin'io Voaloboka io, dia Ny Fiangonany izay mamokatra an'ireo vokatra iray ihany izay Novokariny fony Izy teto an-tany, mba hanao Azy ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

83 O ry Fiangonan'Andriamanitra velona, inoy ity, ny Fahamarinana! Io Izy. Rehefa mihetsika eo amin'ny mpino ny tena Fanahin'Andriamanitra, na inona na inona lazain'ny Soratra, dia hilaza izy hoe, "Amena." Nahoana? Ny Fanahy Masina izay nanoratra ny Baiboly, no ao anatiny, mampitempo ny ainy. Tsy ahoany izay mipetraka manodidina, na izay lazain'ny olon-kafa. Hifanaraka amin'ny Teny foana izany.

84 Misy sandoka iray. Voantangomboalavo izany. Avy amin'ilay voaloboka dia izany. Voaloboka lehibe izany, mandrakotra ny tany rehetra, saingy fahafatesana izany. Maro tamin'izany no efa natsipy teo anivon'ny olona.

85 Fa, tsarovy, "Koba" no mamerina azy ho amin'ny Fiainana, manongotra azy ary mametraka azy eo amin'ny toerana tsara, dia Kristy Jesosy. Na inona na inona Ny Teniny, dia aoka Izany ho "amena," ho anareo. Amin'izay fotoana izay ny Fanahin'Andriamanitra, arak'izany, dia hikoriana tahaka ny renirano ny fifaliana ara-panahy. "Ho tahaka ny olona iray izy, hazo iray, izay nambolena teo amoron'ireo reniranon'ny rano. Ny raviny tsy halazo. Tsy hipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira na ilay tsi-mpino izy, na ilay olona tsy masina izay miaina arak'ireo zavatr'izao tontolo izao, fa hitondra

voa amin'ny vanim-potoany izy." Karazana voa inona? Raha nambolena tao amin'i Kristy ianareo, dia hitondra voa ara-panahy, voa ara-panahin'ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina no mipetraka ao anatinareo.

86 Voateny tsara izany, avy tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana. Eo am-pamaranana, dia hilaza an'ity isika, nilaza izy. . . Rehefa nahita Azy izy, dia tahaka ny olon-tsotra iray Izy, tsy nisy na inona na inona nahasintona izany, nanintona, raha ny marina.

87 Satria hoy ny Soratra hoe, "Tsy misy hatsaran-tarehy haniriantsika Azy. Nanafina ny tavantsika Taminy isika."

88 Ary manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'izao andro izao. Raha tsy miroborobo amin'ireo vokatra ara-panahy an'ny Fanahy izy ireo, raha tsy miroborobo amin'ireo zavatra izay an'Andriamanitra izy ireo, dia zavatra ratsy amin'izy ireo Kristy, "Andiana holy-rollers, andian'olona adala tsy manana ny sainy tsara."

89 Fa, ho an'ny mpino, dia mamihina an'Izany izy. Fiainana Mandrakizay Izany. Tsy misy na inona na inona afaka mampisaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra. Na fahafatesana, na alahelo, na mosary, na tsy misy na inona na inona afaka mampisaraka antsika. Voaaro Mandrakizay ao amin'ireo Fanohanany isika. Eo isika izao, rehefa mamihina an'io hazo fijaliana io izy.

90 Nilaza ilay vehivavy, rehefa. . . Napetrany ilay fanontaniana hoe, "Hitondra hosotroina ho Ahy ve ianao?"

91 Hoy izy hoe, "Saingy tsy fanao ho Anao, lehilahy iray, Jiosy iray, ny mametraka amin'ny Samaritana iray, ny tenako, fanontaniana tahaka an'izany."

92 Hoy Izy hoe, "Fa raha fantatrao. . . " Amin'ny teny hafa, dia tahaka an'izao, "Raha fantatrao hoe akaiky toy ny ahoana an'ilay Loharanon'Aina ianao, Izaho no hanome anao rano izay tsy hankanesanao eto hantsaka. Hamindra anao Aho, ianao Samaritana. Hitondra anao Aho, ianao mpanota." Ilay tsi-mpino izany, ary tsy mino an'Izany. "Raha hamela Ahy hanongotra anao fotsiny mantsy ianao izao maraina izao, hoy Izy, dia Hamboleko eo amoron'ireo reniranon'ny rano ianao. Hapetrako eo amin'ny toerana iray ianao, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina, mba hinoanao fa ny Teny tsirairay izay Lazaiko dia ny Fahamarinana. Raha hamela Ahy hanongotra anao fotsiny ianao, izao maraina izao, dia ho sampana tsara iray ianao. Tsy ao anatin'io tanim-boaloboka dia io ianao. Ny misy anao dia *eto*, noho izany dia avelao Aho hanongotra anao; hamboly anao amin'Ny Anarako, eo amoron'ireo renirano, ny sakeli-drano tsirairay an'ny Tenin'Andriamanitra. Satria marina ny Tenin'Andriamanitra tsirairay. Ny fampanantenan'Andriamanitra rehetra dia ny

Fahamarinana. Hamboleko eo amoron'ireo reniranon'ny rano anankiray ianao, Andriamanitra anankiray. Ary hitondra voa ianao, amin'ny vanim-potoanao. Ny ravinao tsy halazo. Ary na inona na inona ataonao dia hambinina. Hitsangana ianao rehefa tsy misy toerana hafa hitsanganana, hitsangana ianao, na ahoana na ahoana, mahafantatra fa Andriamanitra no nanao ny teny fikasana. Avelao Aho hanongotra anao," hoy Izy, "ary hamboly anao eto amoron'ity Rano ity, mba ianao—tsy mila mihazakazaka mankany amin'ireo toeran'ny fanekem-pinoana ireo ianao, sy ireo toerana ara-anaram-piangonana, mba hahita, tsy afaka hahita an'Izany ianao any, na ahoana na ahoana. Avelao Aho hanongotra anao, amin'ity fantsakana tranainy maina eto ity, izay tsy maintsy hitondranao siny vifotsy, ary tabataba sy fifamaliana, ary misotro kely, dia miverina ka misotro kely. Izaho hanome anao Fiainana Mandrakizay, fifaliana, tahaka ny fantsakana iray, miboiboika hatrany amin'ny Fiainana mandrakizay. Avelao Aho. Avelao Aho hanao an'izany ho anao," hoy Kristy tamin'ilay vehivavy, ilay mpanota.

93 Ary milaza an'ilay zavatra iray ihany amin'ilay Fiangonana Izy izao maraina izao. Fantatrareo fa misy Andriamanitra iray. Mino ianareo fa misy Andriamanitra iray. Saingy amin'ny fiarahanareo, dia misy zavatra izay mampanalavitra anareo. Ao amin'ny tany efitra iray ianareo. Tsy misy fifaliana ara-panahy. Te-hahatsapa tahaka ny tsapan'izy ireo tamin'ny Andron'ny Pentekosta ianareo. Tsy ho tianareo ve ny hanana ny fifaliana izay nananan'izy ireo?

94 Rehefa nandatsaka Ny Ainy Andriamanitra, tao amin'ny sampana voalohany an'ilay hazo, dia nanomboka nihetsika tahaka ny olona mamo io hazo io. Nivembena teo ambanin'ny fiantraikan'ny Fanahy izy ireo. Vehivavy kely maha-te-ho tia, masina tahaka an'i Maria virijiny, no nihetsika teo toy ny hoe mamo izy. Oh, mamon'ny Fanahy izy. Ary niezaka hiresaka izy, saingy tsy afaka. Nanana *molotra miambakambaka* izy, izay midika hoe "voazarazara," izany dia miambakambaka, miezaka hilaza zavatra. Tena feno ny Fanahy izy, ka tsy afaka nilaza an'izany. "Ah-ah-ah-ah," molotra miambakambaka. Avy eo, tampoka teo, tamin'ny fiteny iray hafa, dia niteny izy ireo.

95 Ary mpitory teny kely iray izay tsy nahafantatra betsaka mba hanoratra ny anarany teo amin'ny singan-taratasy iray, no namadika boatin-tsavony iray na zavatra iray, na vodihazo, ka nitsambikina teo ambonin'izany.

96 Eny, manomboka milaza ireo tsi-mpino hoe, "Mamo ireo lehilahy ireo. Izany io andiana holy-rollers io."

97 Nalain'ity lehilahy kely ity ny Soratra; tsy bokin'ny fanekem-pinoana iray, fa ny Soratra. Hoy izy, "Ry lehilahin'ny Isiraely, ary ianareo izay monina any Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao. Fa tsy mamo araka ny heverinareo ireo, hita

fa ora fahatelo amin'ny andro izao. Fa izao no *ilay* nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe, 'Izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho handatsaka Ny Fanahiko,' izany no mampitempo azy ireo."

98 Tianareo ve ny ho voahongotra avy amin'ny karazana fanekem-pinoana tranainy iray, ary hapetraka eo akaikin'ireo Loharanon'Aina, izay misy fiadanana tahaka ny renirano iray?

99 Ny fahafatesana, izy tenany, ho an'ny zazalahy kely iray mitsangana any, feno homamiadana, saingy nandray ny Fanahy Masina. Ary niteny taminy ireo dokotera fa eo am-pahafatesana izy. Nanontany azy ny rainy hoe, "Ianao ve—matahotra ve ianao?"

100 Hoy izy hoe, "Vonona aho. Vonona aho. Ary mba hamelàna fijoroana vavolombelona ho an'ity izao tontolo izao ity, aleveno anatin'ny mena aho, satria ho famantarana izany fa ny Ràn'i Jesosy Kristy no nanarona ahy."

101 Izany no Ataony. Fifaliana, tahaka ny renirano iray, afaka mandeha eo anatrehan'ny fahafatesana, mandeha eo anatrehan'izao tontolo izao, mandeha eo anatrehan'ny fakam-panahy, mitsangana eo anoloan'ireo mpitsikera ary mamirapiratra tahaka ny Anjely iray. Nahoana? Tsy anareo ny ainareo. Efa maty ianareo, ary nalevina tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary natsangana indray ho amin'ny Fiainana vaovao. Afaka mitempo amin'ny alàlanareo Izy, ny Fitahiany, ary mamokatra rantsana izay mifandray amin'ilay Voaloboka. "Hapetrako amin'ny toeran-tsafidy iray izy ireo." Nilaza Andriamanitra fa Ny Zanany no Safidiny.

102 Ahoana no hidiranareo ao amin'i Kristy? Inona no nolazain'i Petera tamin'ny Andron'ny Pentekosta, ahoana no hidirana ao amin'i Kristy? Hoy izy hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika." Nampiditra anareo izany, ilay antso. "Mibebaha, aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo. Ny teny fikasana dia ho anareo."

103 Oh, rahalahy, ny Fanahin'Andriamanitra marina dia hitempo eo amin'Izany, hanao hoe, "Izany no Fahamarinana." Diniho ireo voatangomboalavo sy voaloboka dia. Fa ny tena Fanahin'Andriamanitra, izay te-hambolena ao amin'ny toeran-tsafidy iray, misy an'ireo vokatry ny Fanahy!

104 Ary inona no nataon'i Jesosy tamin'izany? Hoy Izy hoe, "Satria te-hanaiky an'izany ilay vehivavy . . . "

Hoy izy hoe, "Tompo, omeo ahy izany Rano izany. Mila an'izany Rano izany aho."

105 Hoy Izy, “Avelao eo ny sininao tranainy. Tsy mila an’io karazana sinin-drano io intsony ianao. Tsy mila ny taratasinao an’ny fanekem-pinoanao ianao. Avelao ny fomba fanaonao Presbyterana, Batista, Metodista, Pentekotista, apetraho any aoriana. Tongava eto amin’ilay Loharano. Ary tena Hofenoiko fifaliana izay hikoriana tahaka ny renirano ianao.”

106 Araka ny nolazain’ilay mainty hoditra antitra hoe, “Manana fiadanana tahaka ny renirano aho.” Mikoriana andro aman’alina. Manoloana ny fahafatesana, dia mikoriana izy na izany aza.

107 Hoy i Paoly hoe, “Ry fahafatesana aiza ny fanindronanao? Ary ry fasana aiza ny fandresenao? Fa isaorana anie Andriamanitra izay manome antsika ny fandresena amin’ny alàlan’i Jesosy Kristy.” Izany tokoa.

108 Nijery Azy izy. Nanomboka niresaka Taminy mikasika ny toerana hivavahana izy. Dia hoy Izy taminy hoe, “Mandehana alaivo ny vadinao.” (“Hampahafantariko azy raha mbola velona foana Andriamanitra. Izaho no Voaloboka.”) “Mandehana alaivo ny vadinao.”

“Nahoana,” hoy izy, “tsy manana vady aho.”

109 Hoy Izy hoe, “Marina izany. Efa nanana dimy ianao, ary ilay anankiray izay iarahanao miaina ankehitriny dia tsy vadinao.”

110 Nitodika izy. Inona izany? Ny—ny fanaovana grefy azy, ny ain’ny fiainany, izay nanongotana azy avy tamin’io hazon’ny fanekem-pinoana tranainy io, no nihazona, rehefa tonga teo amin’ireo sampany ny fitempon’Andriamanitra voalohany.

111 “Tompoko, hitako fa Mpaminany iray Ianao. Ary fantatro fa ny Soratra dia nilaza fa ho avy ny Mesia ary Izy no hanao an’izany zavatra izany.”

Hoy Izy hoe, “Izaho no Izy. Izaho no Izy.”

112 Nilaozany ilay fanekem-pinoana tranainy nipetraka teo. Nandeha mafy arak’izay azony nandehanana izy, nanomboka nanaparitaka ny vaovao izy. “Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an’ireo zavatra izay nataoko. Tsy Izao ve no tena Mesia? Ny Mesia dia ilay Andriamanitra voahosotra. Nanaiky Azy ho Andriamanitra izy, Imanoela mpaminany, Andriamanitra.

“Izaho no Voaloboka. Ianareo no sampana.”

113 Hoy izy hoe, “Eny, ianareo vahoaka, ianareo Jiosy dia mivavaka any Jerosalema. Manana fiangonana goavana iray ianareo any, ary fanekem-pinoana.”

Hoy Izy hoe, “Fantatro izany.”

Hoy izy hoe, “Izahay mivavaka ao amin’ity tendrombohitra eto ity.”

114 Hoy Izy hoe, "Fantatro izany. Fa ho avy ny andro, ary tonga ankehitriny, izay hanao an'ireo fanekem-pinoan'i Jerosalema, na ity fanekem-pinoan'ny Samaritana ity, tsy hety. Fa Andriamanitra dia Fanahy iray, ka ireo izay mivavaka Aminy dia tsy maintsy mivavaka Aminy amin'ny Fanahy sy amin'ny Fahamarinana."

115 Izany ilay sampana izay mihazona ny Fahamarinana. "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo," dia hifandray amin'ilay sampana ianareo. Hanana an'ireo ianareo, ilay zavatra iray ihany, satria ny Fanahin'Andriamanitra no hitempo ao anatinareo, mitondra ho anareo, an'ireo reniranom-pifaliana, fiadanana, fahari-po, finoana, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy. Izany no hanome anareo, hanao avy amin'ny. . . Avy amin'ny amboadia iray, dia hanao zanak'ondry avy aminareo izany. Avy amin'ny papangobe iray, dia hanao voromailala iray izany. Hitanareo? Ny Fanahin'Andriamanitra velona no manova ny natioranareo. Ankehitriny dia manatòna Azy, ka aoka ho vita grefy ao dia ho lasa iray amin'ireo Sampany. Satria indray andro. . .

116 Io tadin'Aina izay napetraka tahaka an'izao io, dia ny Ain'i Kristy, ny Fanahy Masina, miraikitra amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Hidina amin'io sampana Mandrakizay io Andriamanitra, indray andro any, ary ireo rehetra izay maty ao amin'i Kristy dia ho Entiny miaraka Aminy, rehefa hanangana an'ilay Hazo indray Izy. Izay nambolena teo amoron'ireo reniranon'Aina, izay misy an'ilay Hazo maitso mandrakariva tsy malazo mihitsy na mahavery an'ireo Raviny.

117 Rehefa manolotra sampana iray ho anareo Izany izao maraina izao, ry sakaiza malalako, dia raiso Izany, ary aoka ho voahongotra hiala amin'ny fahotanareo, aoka ho voahongotra hiala amin'ny fisalasalanareo, hiala amin'ny fanekem-pinoanareo.

118 Tsy miteny aminareo mba hiala amin'ny fiangonanareo aho. Mijanòna amin'ny fiangonanareo, saingy manatòna an'i Kristy. Izay ilay izy. Tsy ahoako izay fiangonana andehananareo, raha mbola tonga eo amin'io Loharano izay feno Rà io foana ianareo.

119 Raiso Ny Ainy, ary avelao Izany hanangana anareo, hanangana anareo hiala amin'ny fankafizana an'izao tontolo izao, hany ka maty ireo zavatr'izao tontolo izao rehetra. "Izay tia an'izao tontolo izao, na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatiny akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Tsy afaka mametraka aim-boatavo ao anaty voaloboka iray ianareo, ka hamokatra voaloboka. Hitanareo? Raha an'i Kristy ianareo, dia tia an'ireo zavatra izay an'i Kristy. Feno ny Fanahy ianareo. Ianareo dia. . . Izy no Voaloboka; ianareo no sampana. Avelao

Izy handray anareo izao maraina izao, tahaka ny Nataony tamin'ilay vehivavy avy any Samaria, ary hametraka ny ainareo ao anatin'Ny Ainy, ka hanao anareo ho olom-baovao iray.

Raha manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika.

120 Alohan'ny vavaka, hisy sasany ve hanangana ny tànany, hanao hoe, "Mivavaha ho ahy, rahalahy. Te-ho tena mifandray amin'i Kristy aho." Andriamanitra hitahy ny fonareo. Oh, mahafinaritra izany. "Te-ho tena mifandray aho, amin'i Kristy, mba hamirapiratra ho Azy ny fiainako. Avohay hiala amiko (ahy) ireo tahotro rehetra, sy ireo fisalasalako, sy ireo fahasorenako, ary ireo fanekem-pinoako. Ary amboleo ao Aminy aho, izao maraina izao, izay ahafahako hanana fiadanana tahaka ny renirano iray. Mikorontan-tsaina aho. Tsy fantatro izay halehako. Tsy fantatro hoe ahoana no ahafahako hitsangana. Apetraho eo aho."

121 Ankehitriny raha mbola manondrika ny lohantsika isika, ianareo izay afaka, izay nanangana ny tànanareo, hitsangana ve ianareo, ho an'ny tonom-bavaka iray fotsiny? Izao fotsiny . . . Hivavaka ho anareo izahay, eo amin'izay misy anareo mihitsy. Satria, izahay dia . . . Mitsangàna avy hatrany ankehitriny, mba hahafahanay hivavaka.

122 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . manaisotra amin'izy ireo, ny fahasorenana rehetra. [Elanelana tsy voaraki-peo.] . . . hikambanana amin'ny tsy masiny; handeha ao amin'ny Hazavana vaovao, manomboka amin'ity andro ity. Ekeo izany, Tompo.

123 Ianao no nilaza hoe, "Mangataha, dia hahazo ianareo. Mitadiava, dia hahita ianareo. Mandondòna, dia hovohana ianareo." Ankehitriny dia mandondòna izy ireo. Mangataka aho. Enga anie izy ireo handray an'izany, Tompo. Enga anie ity andro ity hanova ny fiainan'izy ireo tahaka an'izany, hany ka tsy hisy fisalasalana iray hafa intsony ao an-tsain'izy ireo. Ary enga anie izy ireo hody any an-Trano eo Akaikinao, amin'izany Andro izany.

124 Nitsangana izy ireo, Tompo, izao maraina izao. Manohana Anao izy ireo ankehitriny, eo anatrehan'ny mpiara-belona amin'izy ireo. Ianao no nilaza hoe, "Izay manao an'izany zavatra izany, dia hanohana azy eo anatrehan'Andriamanitra sy ireo Anjely masina Aho. Fa raha menatra Ahy izy, amin'izay fotoana izay, amin'izany Andro izany, dia ho menatra azy Aho." Tompo, tsy menatra izy ireo, izao maraina izao. Mitsangana izy ireo. Ankehitriny, mihazona Ny Teninao Ianao. Fenoy Ny Fanahinao izy ireo, ary omeo fiainan'asa iray, mba, ao amin'ilay tontolo ho avy, ahafahan'izy ireo hisitraka an'ilay Fanatrehan'i Tompo Jesosy tsy mety diso mihitsy. Manomboka amin'ity andro ity, manomboka izao, dia apetrakay Aminao izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

125 Andriamanitra hitahy anareo. Aoka ny olona eo akaikin'izy ireo handray ny tànan'izy ireo, izay eo akaikin'izy ireo.

Misy Loharano iray . . .

126 Tapitra ny hafatra ankehitriny, manompoa ny Tompo ankehitriny, somary akimpio fotsiny ny masonareo.

. . . Rà,
Nosintonina avy tamin'ny an'i Imanoela . . . (Andriamanitra izany, Imanoela.)
Ka ireo mpanota, (ireo tsi-mpino) dia mitsoboka . . .

Haingàna, mihazakazaha, avia.

. . . ambany . . .
Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.

Very . . .

127 Manompoa Azy fotsiny ankehitriny amin'ny Fanahy. Avelao ho afaka fotsiny ny fonareo. Tsy ahoako izay fiangonana ikambananareo. Izao fotsiny, ao am-ponareo hoe, "Misaotra Anao, Andriamanitra malala."

Ary ireo mpanota . . . eo ambanin'io riaka io,
. . . fahadisoany . . .

128 Ankehitriny dia tiako ianareo hanangana ny tànanareo, ianareo Kristiana, ankehitriny, ireo mpino, ary hihira an'izany miaraka amiko.

Hatramin'ny nahitako an'io ony io tamin'ny finoana
Ny Ratranao mikoriana no manolotra,

Tsy fanekem-pinoana iray ankehitriny, tsarovy.

Fitiavana manavotra no efa lohahevitro,
Ary ho izany mandra-pahafatiko.
Ary ho izany mandra-pahafatiko,
Ary ho . . . (Izany no ho ahy . . .) . . . maty aho;
Manavotra . . . (Tsy mpaniratsira iray, fa fitiavana manavotra.) . . . efa lohahevitro,
Ary ho izany mandra-pahafatiko.

129 Matotra amin'izany ve ianareo, Aminy? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ho tanteraka anie izany. *Ny Finoako Miandrandra Anao.*

130 Firy ny marary sy manana ilaina, izao maraina izao? Aorian'ny ara-panahy, dia mila fanampiana ara-batana ianareo. Atsangano ny tànanareo, dia afaka hahita anareo izahay. "Manana ilaina aho, Rahalahy Branham. Izaho dia—inty aho. Marary aho. Izaho—tsy mety salama mihitsy aho. Efa nanandrana aho. Nandeha tany amin'ny dokotera aho. Nanao an'izay rehetra fantatro hatao aho, saingy tsy mety vitako fotsiny ilay izy, toa tahaka an'izany. Saingy mino aho fa hanao ahy

ho salama Andriamanitra." Mino an'izany ve ianareo? Izany no Fampanantenany.

131 Ankehitriny, nambolena teo amoron'ireo reniranon'ny Rano ve ianareo? Rano inona? Io Kristy nokapohana io, fa tahaka ny nikorian'ireo rano avy tao amin'ilay vatolampy mba hamonjy vahoaka iray teo am-pahalevonana hiala amin'ny fahafatesana, no nikapohana an'i Kristy mba ivoahan'ny Fanahy Masina avy tao amin'ny Vatany, mba tsy ho faty ny vahoaka eo am-pahalevonana fa hanana Fiainana Mandrakizay. Ianareo ve . . .? Misy zavatra maro samihafa . . .

132 Andriamanitra no mampanantena fa hanasitrana. "Izy dia voalefona nohon'ny fahadisoantsika, notorotoroina nohon'ny helotsika; ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia teo Aminy; tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Ireo renirano, ireo reniranon'ny Rano anankiray, ny Fanahy Masina.

133 "Misy ireo, voalohany, apostoly, mpaminany, mpampianatra, evanjelista, pasitera," ireo reniranon'ny Rano anankiray.

134 "Misy ireo fanomezam-pahasoavana samihafa. Ny sasany dia nantsoina mba haminany. Ny sasany dia nantsoina, nomena ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana. Ny sasany manana ny fahendrena. Ny sasany manana fahalalana, amin'ny alàlan'ny Fanahy iray ihany. Ny sasany miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Ny sasany mandika. Ny rehetra amin'ny alàlan'ny Fanahy iray ihany," Korintiana Voalohany 12. Inona izany? Ireo renirano, ireo reniranon'ireo rano be, ilay rano be.

135 Renirano maro an'ny Rano anankiray, ny Fanahy Masina manome fanomezam-pahasoavana sy fitahiana maro avy hatraiza hatraiza. Izy dia mitondra an'ireo fanomezam-pahasoavana manan-karena, ihany koa, ireo fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana, ireo fanomezam-pahasoavan'ny famonjena, ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina hiasa ao amin'ny fiangonanareo sy eo anivon'ny olona. Ireo renirano! Ary fifaliana tahaka ny renirano sy loharano. Tsara tarehy toy ny ahoana!

> Ny finoako miandrandra Anao,
> Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
> Mpamonjy Masina;
> Ankehitriny dia henoy aho raha mivavaka,
> Esory ny otako rehetra,
> Oh avelao aho manomboka amin'ity andro ity
> Ho manontolo . . .

136 Ankehitriny, Tompo, izany no vavakay. Tsy ho maika izahay. Sabata izao. Izao ilay andro izay Nataonao. Tokony hanompo Anao mandritry ny andro manontolo izahay. "Andro manontolo sy alina manontolo," hoy ilay poeta, "dia manohy miambina ahy ireo Anjely." Ankehitriny dia tsapanay fa akaiky Izy ireo.

137 Andriamanitra Ray, niteny zavatra tena henjana aho. Fa izaho tsy nanao an'izany. . . Zahao ny foko, Tompo. Raha tamin'ny haratsiana no nanaovako an'izany, amin'izay fotoana izay dia mamelà ahy. Fa nataoko tamin'ny fitiavana ny Sampanao izany, Ny Voalobokao. Mivavaka aho, Tompo, raha misy sasany eto izay mikambana ao amin'ireo anarampiangonana lehibe, hahatsiaro . . . Tsy miezaka aho ny hangataka azy ireo hiala amin'izany. Mangataka azy ireo fotsiny aho mba tsy ho voafatotry ny fanekem-pinoan'izy ireo, fa hanatona Anao, dia ho voavaha sy voakolokolo, ary hirotsaka ny Fanahy. Amin'izay fotoana izay dia ho lasa fiangonana iray tsaratsara kokoa ny fiangonan'izy ireo, fiangonana ara-panahy, izay Ahatongavanao, tsy misy pentina na tsy misy fikentronana, voasasa tamin'ny Ràn'ny Zanak'ondry. Ity tontolo ara-tsaina ity, amin'izao andro izao, Ray, dia lasa nanalavitra an'izany. Mitady vahoaka betsaka sy fiangonana lehibe izy ireo, tahaka an'ilay voaloboka dia. Fa, Tompo, izahay—mifikitra amin'io voankazo mamy io izahay, io vokatry ny Fanahy io, izay mitondra hamamiana ho an'ny fanahinay.

138 Mangataka izahay ankehitriny mba Hitahianao an'ireto olona marary izay manatona mba hivavahana ireto. Tompo, afaka mangataka Aminao indray mandeha indray ve aho, hanamasina an'ity sampana tsy mendrika ity ve Ianao, amin'Ny Rànao? Mba hilatsahan'Ny Fanahinao amin'ny alàlan'izany, haneho an'ilay Andriamanitra velona, hoe Ianao no ilay Andriamanitra iray ihany izay niresaka tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana. Ho tanteraka anie izany, mba hahatonga ny olona ho any ankoatry ny fifanjevoana, mba ahafahan'izy ireo hahita hoe aiza marina tokoa no mipetraka ny Fanahin'Andriamanitra, dia ao am-pon'ny mpino, tsy ao amin'ny fiangonana iray, fa ao am-pon'ny mpino iray. Ekeo izany, Ray. Hiandry Anao aho ankehitriny, mba Hanehoanao ny Tenanao, tahaka ny Nanehonao tamin'ireo andro fahiny. Tahaka ny Nanehoanao ny Tenanao tamin'ny alàlan'i Jesosy, Izay maty mba ahafahanay hadio, mba ahafahan'ilay Fanahy iray ihany izay tao Aminy hiseho amin'ny alàlanay, hitondra an'ireo vokatra iray ihany. Ekeo izany, Ray. Fa mametraka an'ireo zavatra rehetra Aminao aho, amin'ny Anarana maha-teho tia an'Ny Zanakao, Jesosy. Amena.

Na hamela ahy ho very làlana
Hanalavitra Anao.

139 Eny àry, Teddy, *Minoa Fotsiny*. Ankehitriny dia firy ato no. . .? Nilaza i Billy fa nizara karatra fangataham-bavaka vitsivitsy izy.

140 Ankehitriny isika dia efa, ato amin'ny fiangonana, tery ilay izy, maka fotsiny ary mangataka ny rehetra izay vahiny eo afovoantsika mba hitsangana, ary hamela ny Fanahy Masina hivoaka hankeo amin'ireo olona ireo ka hamantatra azy ireo

tahaka an'izany. Nanao an'izany isika, imbetsaka. Ankehitriny, herinandro vitsy lasa izay, dia hoy ny olona iray hoe, "Saingy sarotra ho an'ny olona ny mihevitra an'izany. Fa mila laharambavaka iray izy ireo." Noho izany isika . . . Firy no efa teto rehefa nandeha teo ambonin'ny vahoaka ny Fanahy Masina ka naka ny olona tsirairay tao anatin'ny vahoaka? Azo antoka.

141 Ankehitriny, niteny tamin'i Billy aho mba hizara karatra vitsivitsy, mba hahafahanay miantso, isaky ny vondrona, ary hivavaka ho azy ireo, hitanareo, mba hahavita an'izany.

142 Koa noho izany, ary aorian'ity avy hatrany, dia hanana fotoan'ny batisa izy ireo ho anareo izay maniry hatao batisa. Homenay anareo ny toerana, ny fotoana, afaka minitra vitsy fotsiny.

143 Voalohany, niresaka mikasika an'ity isika. Niresaka mikasika an'ity Voaloboka ity isika, ity lovan'Andriamanitra ity. Ankehitriny, raha marina izany, amin'izay fotoana izay raha sampana voafidy mialoha marina tokoa an'io Voaloboka io isika, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy tonga amin'ny alàlantsika io Fanahy Masina iray io ihany. Ary raha tonga Izy, dia hanao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony tamin'ny Alàlany Izy, satria Izy no Voaloboka. Isika no sampana. Ary raha . . . Ny Aina izay ao amin'ilay Voaloboka dia tsy maintsy ho ao amin'ny sampana, mba hanao an'ilay sampana ho velona. Raha mamokatra hafa noho izay novokarin'io Voaloboka io izany, amin'izay fotoana izay dia voaloboka ratsy izany. Izay no ezahako lazaina. Tsy maintsy ho ilay Aina iray ihany izany.

144 Ankehitriny, iza no manana karatra fangatahambavaka? Atsangano ny tànanareo! . . . ? . . . Eny àry. Avy aiza no manomboka ilay izy, manomboka amin'ny iray ka hatramin'ny dimampolo, sa iray ka hatramin'ny zato? Sa, firy no mahafantatra? Izany—izany ve ireo karatra fangatahambavaka teo aloha . . . Andraso. Ankehitriny, iza no manana nomerao iray? Misy karatra fangataham-bavaka nomerao iray ve ato? Misy ve? Eny, taiza no nanombohan'ilay izy, arak'izany, dimampolo? [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Iray hatramin'ny dimampolo."—Mpand.] Oh, oh, eto, iray hatramin'ny dimampolo. Eny àry.

Mitsangàna eo mihitsy, hitanareo, nomero iray.

Nomerao roa. Nomerao roa. Eny àry, mitsangàna eo mihitsy.

145 Nomerao telo, karatra fangataham-bavaka nomerao telo. Ato amin'ny tranobe ve izany? Afaka mitsangana ve izy ireo? Miala tsiny aho. Izy ireo dia manana azy ireo, ny rehetra eo. Nomerao telo, ho avy eto ve ianao, ramatoa?

146 Nomerao efatra. Iza no manana karatra fangataham-bavaka nomerao efatra? Mandehana eto mihitsy, ramatoa. Nomerao efatra, efa hitako ve izany? Io anankiray io ve izany . . . Iza no manana nomerao efatra? Eny àry.

Nomerao dimy, nomerao enina, fito, valo. Valo, nomerao valo.

147 Sivy. Andraso eto ankehitriny. Nomerao valo, sivy. Nisy olona nivoaka, noho izany dia mety, mety ho ilay anankiray izany. Nomerao sivy.

148 Nomerao folo, nomerao iraika ambin'ny folo, nomerao roa ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo.

149 Fioo! Manana efatra na dimy tsy ao aho. Noho izany dia ho tonga eo amin'izany isika. Nivoaka angamba izy ireo. Raha misy olona miditra, Rahalahy Taylor, dia amarino ka jereo raha manana karatra fangataham-bavaka izy ireo eo. Atsofoy ao anatin'ny laharana izy ireo, raha sitrakao. Raha mety nivoaka any aoriana any ho any mihitsy aza izy ireo.

150 Ankehitriny dia hangataka fanajana feno aho, ary aoka fotsiny hanaja mihitsy.

151 Firy ato no marary nefa tsy manana karatra fangataham-bavaka? Hanangana ny tànanareo ve ianareo ka hanao hoe, "Marary sy manana ilaina aho nefa tsy manana karatra fangataham-bavaka." Eny àry. Ankehitriny dia mijere mankaty ianareo ka minoa. Eny àry.

Ankehitriny, Rahalahy Teddy, tena moramora mihitsy.

152 Ankehitriny, raha tsy tonga ireo olona ireo, dia afaka hanohy amin'ny laharam-bavaka isika, any an-kafa any ho any. Fa hiandry isika, hanome toerana azy ireo.

153 Ankehitriny, ity no fotoana tokony hanaporofoina ny zavatra rehetra izay nolazaiko ho marina na diso. Tsy milaza ve ny Baiboly hoe, "Porofoy ny zavatra rehetra. Ary tano mafy izay tsara"? Ankehitriny raha. . .Jesosy, satria ilay Voalobok'Andriamanitra, mihorona manodidina ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, dia nitondra Fiainana Mandrakizay ho an'ilay Fiangonana, ary isika no sampan'io Voaloboka io. Hitanareo?

154 Namboleny tany Palestina ny Isiraely. Tsy nety ilay izy. Izy ireo dia lasa tahaka . . . Maina tahaka ny holatra iray ny voan'izy ireo. Naniry izany ny alina, ary maty, naneho fa tsy tsara ilay izy. Tsy nanana "Mandrakizay."

155 Fa ireo voa izay ao amin'i Kristy Jesosy dia haharitra mandrakizay. Tsy maintsy izy ireo. Ary raha Ny Fanahiny, izay tao Aminy, no mbola velona foana amin'izao andro izao, dia tsy anaram-piangonana holatra iray Izany. Izany no Andriamanitra velona izay mamokatra an'ilay Aina iray ihany izay Novokariny. Mino an'izany ve ianareo?

156 Ankehitriny, tsy hibontsimbontsina fotsiny izany ka hanao hoe, "Oh, an'ny andro hafa iray ireo zavatra ireo. Oh, Izany dia zavatra tahaka an'*izao*." Raha izany no izy, dia aoka hongotana ianareo, izao maraina izao.

157 Tena misy izany. Tena Fiainana izany. Izany no tena Kristy. Ankehitriny dia manàna finoana ianareo ka minoa, ary aza misalasala na kely aza fa manatrika Andriamanitra hanasitrana ny marary.

158 Ankehitriny, ianareo izay tsy manana karatra fangatahambavaka, raha hivavaka sy hino fotsiny amin'ny fonareo rehetra ianareo, amin'izay fotoana izay—amin'izay fotoana izay Andriamanitra dia—hanaiky ho anareo an'ireo zavatra izay angatahanareo Andriamanitra. Firy no mino an'izany ankehitriny?

159 Ankehitriny dia te-hanontany anareo zavatra iray amboniny aho. Raha hanao an'izany Andriamanitra. . .Ankehitriny dia ndao jerentsika raha misy olona ao amin'io laharana io izay fantatro. Tsy misy olona fantatro eo.

160 Eny, Ranabavy Logston. Ranabavy Logston ve ianao? Ianao ve? [Hoy Ranabavy Logston hoe, "Tsy ao anatin'ny laharana aho."—Mpand.] Oh, tsy ao anatin'ny laharana ianao. Izaho dia—miala tsiny aho.

161 Ataoko fa vahiny amiko daholo ireo olona ireo ankehitriny. Izany ve—marina ve izany? Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anareo aho. Atsangano ny tànanareo raha marina izany. Eo, ahoana no nitrangan'izany? Ahoana mihitsy no nitrangan'izany, fa tonga fotsiny ary nizara karatra fangatahambavaka ho an'ilay laharana manontolo, ny olona rehetra izay nila azy ireo teto, ho an'ireo izay angamba. . .izay—izay tsy tonga mihitsy aza? Ahoana no nitrangan'izany? Laharana feno eo, tsy misy olona avy eto amin'ny tabernakla ankehitriny. Tsy mino aho fa efa mba nitranga izany tany aloha.

162 Ankehitriny ianareo izay tsy manana karatra fangatahambavaka. Ary nisy vehivavy anankiray nitsofoka tao amin'ny vahoaka, indray mandeha, ary nikasika ny sisin'ny Fitafiany, satria hoy izy hoe, "Mino aho. Tsy ahoako izay lazain'ny mpisorona, na olon-kafa. Mino Azy aho. Raha afaka mikasika ny Fitafiany aho, dia ho salama." Fantatrareo ve ilay tantara? Ary nikasika ny Fitafiany izy. Dia nitodika tany aminy Izy ka niteny taminy fa efa nijanona ny fitsiha-dràny. Ny finoany no nanao azy ho salama. Fantatrareo fa izany no Fahamarinana?

163 Eny, Izy no ilay Mpisoronabe iray ihany izao maraina izao. Eo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra Izy. Ny Teniny, izany hoe Ireo Sampany, ny Tenin'Andriamanitra dia niraikitra teo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Mino an'izany ve ianareo? Namokatra Aina Izany, Kristy Jesosy. Tamin'ny alàlan'io Aina io, izay namokatra sampana, izany no mitondra an'ilay Aina iray ihany Izay avy amin'ny Seza fiandrianana. Marina ve izany? Noho izany dia mipetraka Izy, ny toeran'ireo Fakany androany, eo ankavanan'ny Fiandrianana any An-

danitra, mba hamokatra an'ilay Aina iray ihany amin'ny alàlan'Ny Fiangonany. Izy no Mpisoronabe izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika. Marina izany, sa tsy izany? Ankehitriny dia minoa an'izany amin'ny fonareo rehetra.

164 Raha manao an'izany Izy, dia firy aminareo olona marary eo no hanaiky an'izany? Ianareo rehetra ve? Ankehitriny, Teddy . . .

165 Ankehitriny indro mitsangana ny vehivavy iray, izay vao avy nanangana ny tànany hoe tsy nahafantatra azy aho. Ary Andriamanitra dia mahafantatra fa, araka ny fantatro, dia tsy mbola nahita azy mihitsy aho tany aloha.

166 Mety ho avy amin'ity tanàna ity mihitsy aza izy. Tsy fantatro. Tsy fantatro intsony ny ampahatelon'ny olona. Nifindra ireo olona vaovao. Nandeha tany an-tanàna aho taloha, izaho—fantatro ny olona rehetra. Ankehitriny dia tsy mahafantatra anankiray aho, saiky, satria vao nifindra daholo izany.

167 Tsy fantatro ilay vehivavy. Izy tsy mahafantatra ahy. Fa raha io Aina iray ihany io izay tao amin'io Voaloboka io, izay nampanantena fa ny sampana dia hitondra an'ilay laharana iray ihany izay ny . . . Aina iray ihany izay nentin'ilay Voaloboka. "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa." Izany ve ny Soratra? Masindahy Jaona 14:8. Eny àry.

168 Ankehitriny, raha ny asa izay Nataony, niresaka tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana ary niteny zavatra taminy izay zavatra niafina iray tao amin'ny fiainany; raha io Fanahy Masina iray io ihany, izao maraina izao, no hiasa amin'ny alàlan'ny fiangonana eto, ary hiteny amin'ny alàlako, ka hiteny amin'ity vehivavy ity ny zavatra izay maha-eto azy, na zavatra izay efa teo amin'ny fiainany, na zavatra iray hafa izay fantany fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany aho. Satria, raha tsy fantatro izy, eny, izaho—tsy mahafantatra na inona na inona mikasika azy aho. Mitsangana eto fotsiny izy.

169 Fa raha hanaiky an'izany io Fanahy Masina io, tsy mety diso. Ity ny Tenin'Andriamanitra, nampanantenaina an'izany. Eto izahay roa dia, milaza, izahay roa hoe, "Tsy nifankahafantatra mihitsy izahay, tsy nifankahita mihitsy." Raha ny Fanahy Masina no hanambara an'izany, amin'izay fotoana izay, dia mbola velona foana io Aina iray ihany io izay tao amin'io sampana io, na tao amin'ilay Voaloboka, raha ny marina, mitempo amin'ny alàlan'ilay sampana. Enga anie hanaiky an'izany ny Tompo Andriamanitra.

170 Ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raisiko ny fanahy rehetra ato ho eo ambanin'ny fifehezako, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ankehitriny, aoka ho tena manaja mihitsy ankehitriny, ny tsirairay avy.

171 Mihaona ho an'ny fotoanay voalohany izahay, lehilahy iray sy vehivavy iray, zavatra mitovy amin'ny ao anatin'ny Soratra izany. Andriamanitra no mamela an'ity, angamba, mba ny

olona, amin'ny Andron'ny Fitsarana, dia hahafantatra, fa tsy hanana fialan-tsiny. Raha misy olona handeha izao maraina izao, nefa tsy nambolena tao amin'i Kristy, tsy nahafantatra ny Fahatsarany sy ny Famindrampony; tsy manana an'izany eo, dia hanana anjara tena kely iray, hihevitra aho, amin'ny Andro Fitsarana. Rehefa notoriana ny Teny, ary avy eo raha Ny Fanahiny . . .

172 Hitanareo, misy zavatra iray, ny mitory zavatra iray. Raha Andriamanitra ara-tantara Izy, amin'izay fotoana izay dia izay Nataony teo amin'ny tantara fotsiny izany. Fa raha Izy marina tokoa no Voaloboka, ary isika no sampana, amin'izay fotoana izay dia tena ampahany ilay sampana. Ilay Aina izay ao amin'ny Voaloboka dia mitempo mihitsy mankany amin'ny sampana, hitanareo, noho izany dia tsy maintsy hamokatra an'ilay zavatra iray ihany izany. Izy no nampanantena an'izany. "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa."

173 Ankehitriny, raha marary ianao, ary, izany—tsy fantatro izany. Fa raha marary ianao, dia tsy afaka hanasitrana anao aho, satria efa Nataony izany.

174 Fa mety ho Ny Fanatrehany eto no hanao anao hahazo tanteraka tokoa hoe eto Izy. Noho izany dia hampakatra ny finoanao hanaiky an'izany ve izany. Hitanareo? Tahaka an'izany no hataony ho an'ny mpanatrika. Izay hataony ho an'ity vehivavy ity, no hataony ho an'ny isan'isany sy ny tsy tsirairay avy aminareo. Minoa fotsiny an'izany ankehitriny.

175 Satria, "Izy dia voalefona nohon'ny fahadisoantsika. Tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Efa sitrana isika. Efa fotoana ela lasa izay, roa arivo taona lasa izay, tamin'izany no tonga ny famonjena sy ny fanasitranana.

176 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Inona no resahanao, Rahalahy Branham?" Hitako izay holazain'ny Fanahy Masina. Tsy mahafantatra azy aho.

177 Ary ny toerana sarotra indrindra izay hany tsy maintsy nanaovako fivoriana iray, dia eto mihitsy. Satria, izany no nolazain'i Kristy hoe, "Ny mpaminany iray ao amin'ny fireneny manokana, eo anivon'ny olony manokana." Hitanareo ve izany? "Nandeha nankany amin'ny Azy manokana Izy, fa zavatra maro no tsy Azony natao." Lasa Izy. Ankehitriny, izany dia tsy noho ity vondrona kely eto ity. Tsy izany ilay izy. Ny fiangonako, tia ahy izy ireo ary mino ahy. Fa ilay izy dia ilay singa any ivelany. Ary ny Tenin'Andriamanitra no nilaza. Izany no Lazainy.

178 Fa izaho—miato vetivety fotsiny aho, mba hahita raha hanosotra ahy ny Fanahin'Andriamanitra mba hahitako. Ankehitriny, izy dia fanahy iray ary nofo izy. Indray andro any dia hiala ny fanahy, ary amin'izay fotoana izay dia hihalò ny nofo. Ny fanahy dia mankany amin'Andriamanitra Izay manome azy. Eto dia misy fanahy iray, ihany koa, mitsangana eto, saingy

voaseho amin'ny vatan'ny nofo iray izany. Ankehitriny raha miraikitra amin'io Voaloboka io ireo fanahy ireo, izany dia hamokatra ny . . .

179 Inona izany? Rehefa tonga teo anatrehan'i Jesosy ny fanahy iray, ka nisy zavatra tsy nety taminy, dia ilay Fanahy izay tao Aminy no nanambara an'izany. Hitanareo? Ary ilay vehivavy, rehefa Nambarany izany, dia nanaiky an'izany izy, ka nanao hoe, "Tsy maintsy ny Mesia Ianao. Fantatray fa rehefa ho avy Izy, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo."

180 Petera, rehefa tonga izy, oh, somary nanontany izy hoe inona no noresahan'i Andrea. Hoy izy hoe, "Izy no Mesia." Ary rehefa tonga teo aminy Izy, dia hoy Izy hoe, "Simona no anaranao. Zanak'i Jonasy ianao." Ampy azy izay. Hitanareo? Fantany fa Izy dia tsy nahafantatra hoe iza izy.

181 Fa Izy no mahafantatra hoe iza ianao. Izaho tsy mahafantatra hoe iza ianao, fa Izy no mahafantatra. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anao aho, fa Izy no mahafantatra.

Ankehitriny, eto Izy. Ankehitriny dia eto amin'ny alitara ny Fanahin'Andriamanitra.

182 Io Izy. Fantatrao fa nisy zavatra nitranga. Tonga eto ianao nohon'ny aretin'ny fikorontanan-tsaina iray. Marina izany. Ianao dia tratran'ny aretin-kozatra, ihany koa. Izany no fahamarinana. [Hoy ilay anabavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Mino ve ianao? Tsy mbola nahita an'ilay vehivavy mihitsy aho teo amin'ny fiainako.

183 Ankehitriny, tsy mamy ve izany, io tena . . . Fantatro fa tsy maintsy mahatsapa an'Izany ianao. Mijery Azy aho. Hitanao? Toy ny fahatsapana mamy iray fotsiny.

184 Tsia, mahita lehilahy iray tonga eto aho. Anadahinao izany. Nivavaka betsaka ho azy ianao. Mahita lehilahy tanora kokoa, tanora kokoa aho. Tsy maintsy mpitoriteny iray izany. Zanakalahinao izany. Manana olana ara-panahy izy. Avy any amin'ny làlana lavitra ianao, ho tonga eto. Avy any Atsimo ianao, mba ho tonga amin'ity làlana ity. Avy any Tennessee ianao. Ianao no Rtoa. Tabor. Miverena. Azonao ny fangatahanao. Andriamanitra no nanome anao an'izany. Raha . . .

185 Ankehitriny, tsy nikasika an'ilay vehivavy mihitsy aho. Ny Fanahy Masina no nanao an'izany. Ankehitriny, izany ilay iray ihany . . . Izany ve ilay zavatra iray ihany izay nitranga tao amin'ny Baiboly? Hoy io vehivavy io hoe, "Tsy maintsy ho Mesia Ianao." Ankehitriny, tsy midika izany fa *izaho* no Mesia. Izany dia midika fa ny Fanahin'ny Mesia no eto. Lehilahy sy vehivavy fotsiny isika. Izany no Fanahin'ny Mesia.

186 Ankehitriny, raiso Izany, aoka hongotana ianareo, hiala amin'io tsi-finoana tranainy io, ka hambolena eo Akaikiny

mihitsy, hitanareo. Ankehitriny dia mitsangàna ka manaova hoe, "Tompo Jesosy, Ianao no Zanak'Andriamanitra, ilay Mpisoronabe. Vao avy nilaza Rahalahy Branham fa mipetraka eo amin'ny Fiandrianana any Ambony Ianao. Efa voafidy mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao Ianao, voavono Ianao, mba hitondra an'izao vokatra izao; fa, izaho, mpino tapany, izay miezaka ny hino, dia enga anie ho lasa feno mba hino. Avelao aho hikasika ny Lambanao. Asaivo miresaka amiko izy." Ianareo izay . . .

187 Ianareo ato amin'ny mpanatrika, dia lazao ilay zavatra iray ihany. "Fa raha Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, Ianao—Ianao—Ianao anie hamela ahy hikasika Anao amin'ny alàlan'ny finoako, manaisotra ny fisainan'ny tsi-finoana rehetra. Avelao aho hikasika Anao."

188 Mino aho fa ianao dia nanangana ny tànanao, ihany koa, hoe samy vahiny isika. [Hoy ilay anabavy hoe, "Nanangana aho."—Mpand.] Eny àry. Ankehitriny, raha afaka manambara amiko ny Tompo Jesosy, zavatra izay—izay tsy mety aminao, na zavatra iray amin'ny fomba iray, dia hino ianao fa—fa—fa ity tadin'Aina ity, hoe nambolena tao amin'Andriamanitra tokoa ny Fiangonana. Hoy Jesosy hoe, "Amin'izany andro izany, dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko; ary Izaho ao aminareo, ary ianareo ato Amiko." Hitanao? Izany no Ain'Andriamanitra izay mikoriana avy hatrany amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, midina avy hatrany amin'ilay Fiangonana, hitanao, mahatonga antsika ho iray. Isika no sampana. Isika no Solontenany.

189 Raha mino an'izany ianao, dia hiala aminao io aretin-tongotra io. Mino an'izany ve ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Mino aho. Mino aho."—Mpand.] Eny àry. Afaka mahazo an'izany ianao. Ary ny vadinao eo dia ho sitrana, ihany koa. Mino ve ianao fa sitrana izy, amin'ny hernie? ["Eny."] Ianao, tompoko, mino ve fa ho sitrana ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Amena."] Ah-hah. Mino ve ianao? Manana zanakavavy iray, ihany koa. Manana fanahy iray an'ny olana ara-panahy izy. Avy any Avaratra ianao, mba ho tonga amin'ity làlana ity. Nandeha tamin'ny làla-malalaka ianao. Avy any Austin ianao. Ny anaranao dia Rtoa. White. Izany no HOY NY TOMPO HOE. ["Oh!"] Miverena ka minoa ankehitriny, dia ho sitrana, ary avy eo dia ho salama. Andriamanitra anie hanome anao ny fanirin'ny fonao.

"Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra."

190 Ny Fiainan'ny Ain'i Kristy, ao amin'ilay sampana. Tsy ny Branham Tabernacle no sampana. Tsy William Branham no sampana. Ny sampany dia na iza na iza hongotana avy amin'ny tsi-finoanareo, ka hambolena ao Aminy.

191 Mino aho fa ianao dia nanangana ny tànanao, ihany koa, fa vahiny isika. Tsy mahafantatra anao aho. Andriamanitra no mahafantatra anao. Tsy eto ianao ho an'ny tenanao. Ho an'ilay zaza izany. Mahita an'ilay Hazavana mihantona eo ambonin'ilay zaza aho. Raha hambaran'Andriamanitra amiko izay tsy mety amin'ilay zanakao, dia hino ahy ho Mpaminaniny ve ianao, ary hino fa miteny aminao ny fahamarinana aho? Hino ianao. Tratry ny aretim-po ilay zaza. Zavatra tahaka ny valva iray ilay izy, hoy ny dokotera. Efa nozahana ilay izy. Te-handefa an'izany avy hatrany any amin'ny toeram-pitsaboana izy. Marina izany. Avy eto Jeffersonville eto ianao, eto amin'ny làlana, Fulton Street. Fa marina izany. Ary ny anaranao dia Rtoa. Burkhart, Irene Burkhart. Miverena, ary minoa ho an'ilay zazakely, dia ho salama izy.

192 "Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra." Raha mino fotsiny ianao!

193 Ity vehivavy mipetraka eto ity miaraka amin'io aretin'ny fikorontanan-tsaina io. Eny. Adinoy izany. Handeha hody ianao, aoka ho salama tsara ankehitriny.

"Raha mety mino ianao!"

194 Ianao nanangana ny tànanao tahaka an'*izao*, tratry ny aretin-damosina. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Mino ve ianao, hanaiky an'izany? Noho izany dia mandehana mody ary aoka ho salama. Jesosy Kristy no manao anao ho salama.

195 Ny anao dia voa. Noho izany, mandrosoa, ny anao dia azonao, ihany koa, tompoko. Andriamanitra hitahy anao.

Manàna finoana an'Andriamanitra. Aza misalasala.

196 Vehivavy mainty hoditra. Misy roa amin'izy ireo. Ery amin'ny farany aoriana ery mihitsy. Fivontosana eo amin'ny tenda, ao anatin'ny tenda. Minoa amin'ny fonao rehetra. Mino an'izany ve ianao, ramatoa? Satroka bonetra kely, no anaovana eo. Mino ve ianao? Atsangano ny tànanao. Eny àry. Mandehana mody; hiala aminao izany.

197 Misy vehivavy iray tanora kokoa noho io. Tsy mahafantatra anao aho. Andriamanitra no mahafantatra anao. Mino ve ianao fa afaka hanao ho salama Izy? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Eny, miverena any New Albany, Ramatoakely Pearl Allen, ary aoka ho salama. Nanasitrana anao i Jesosy Kristy. Mandehana ianao, mino an'izany, dia afaka ho salama ianao.

198 Manàna finoana an'Andriamanitra. Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? Ankehitriny, tsy izany ve...Oh, miseho fotsiny ny zavatra rehetra, eo ambonin'ny...Raha mino fotsiny ianareo, ry sakaiza!

199 Manao ahoana, tompoko? Mino an'i Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra ve ianao? Mino ahy ho Mpaminaniny ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Mino aho."—Mpand.] Mino an'izay ho teneniko aminao ianao. Ianao no hahafantatra na marina ilay izy na tsia. Mino ve ianao fa izay notoriako, izao maraina izao, dia ny Fahamarinana? ["Eny."] Tena mino ianao. Tonga eto ianao ho an'ny zavatra tsara iray. Eto ianao mba hiala ny fahazarana, izany dia, fifohana sigara. Mahita anao mijery an'izany aho, ary manameloka an'ilay zavatra, ka mihazona azy manalavitra anao. Marina izany. Aza . . . raha ianao . . . Henoy. Mila vavaka ho an'ny vadinao ianao. Tratry ny karazana toy ny fanina izy. Atoa. Carlock, miverena any Owensboro, Kentucky, izay nihavianao. Aza mikasika iray hafa. Jesosy Kristy no manao anao salama. Mandehana, amin'ny Anaran'ny Tompo, dia aoka ho sitrana.

Mino ve ianao?

200 Ankehitriny jereo. Ity lehilahy tonga eto ity, apetraho eo amin'ny ahy fotsiny ny tànanao, ramose, eto. Lasa ny aretin-damosinao. Manohiza miverina any fotsiny, misaotra an'Andriamanitra. Amena.

201 Te-handeha hihinana ny sakafo harivanao ve ianao? Hiala aminao ny aretim-bavony raha mino an'izany ianao. Mino an'izany ve ianao? Zory ny làlanao. Derao fotsiny Andriamanitra, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo."

202 Firy no mino amin'ny fonareo rehetra?

203 Andriamanitra hitahy anao. Tahaka an'izany, koa, afaka mandeha ianao ka midera ny Tompo. Manavao hoe, "Misaotra Anao, Tompo."

204 Tratry ny aretina iray izay ananan'ny olona betsaka eto ianao, fikorontanan-tsaina, manao ny fonao hikorontana, aretim-po.

205 Raha mino amin'ny fonao rehetra ianao, eo . . . Firy no tratry ny fo mikorontana sy ny sisa? Ankehitriny dia atsangano tahaka an'*izao* ny tànanareo. Jereo eto. Ahoana no mba ahafahanao hiantso an'io? Hitanareo?

206 Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Ianao dia mino, ihany koa? Eny àry. Mandehana ary aoka ho sitrana amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Aza misalasala na kely aza, fa minoa fa izay voalaza taminao dia ny Fahamarinana. Minoa fa sitrana ianao. Ho azonao izay angatahanao.

207 Manaova tahaka an'izany ny sisa aminareo. Hafa firy aminareo eto no tratran'izany? Eny àry, tompoko. Firy eo no mila an'Andriamanitra? Atsangano ny tànanareo. Ary milaza . . .

208 Jereo. Raiso ity. Tsy afaka manasitrana olona aho. Olona iray aho. Raha nitsangana teto Kristy, dia tsy afaka nanasitrana ny iray taminareo Izy. Nametraka fandaharana iray Izy, ary io

fandaharana io dia hoe raha mino ianareo fa maty ho anareo Izy, dia afaka ho sitrana amin'ny alàlan'izany ianareo. Izany no fomba tokana. Izany no fanasitranan'ny finoana. Finoana! Minoa fa Kristy no nandoa ny vidiny ho anareo. Firy no mahazo an'izany ankehitriny? Eny àry. Firy no manaiky an'izany? Eny àry.

209 Raha mivavaka isika, dia mifametraha tànana ianareo. Mifametraha tànana ianareo, ka mivavaha ny tsirairay avy.

210 Ankehitriny dia afaka mandeha eny amin'ny sezanao ianao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao ankehitriny. Aoka ho salama. . .?. . .Eny. Marina izany. Aretin'ny fikorontanan-tsaina ilay izy, fa izany dia—hiala aminao izany. Midìna eo ankehitriny, jereo raha izany. . .Manomboka mahatsapa ho hafa ianao, sa tsy izany? Hitanao? Azo antoka. Sitrana ianao, mitsangana eto mihitsy. Voamarikao ve hoe ahoana no nialàny teto arak'izany tsy nisy an'io? Hitanao? Ary mety tsara ianao ankehitriny. Afaka mody ianao ankehitriny, aoka ho salama. Ny Tompo hitahy anao.

211 Ankehitriny miaraka amin'ny tànanareo eo amin'ny iray hafa. Hitanareo, tsy manana fotoana betsaka isika, saiky mitataovovonana izao. Ary manana fotoan'ny batisa iray izy ireo, mbola.

212 Azo antoka, azo antoka, ry olona, ilay Ain'Andriamanitra lehibe, ilay Fanahy Masina lehibe Izay naneho tsy diso mihitsy fa manatrika Izy, dia maneho fa io Aina avy eo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra io dia mitempo mankao amin'ireo sampana, mba haneho Fiainana. Tsy mino an'izany ve ianareo? Noho izany, tsia, tsy nanasitrana ny iray tamin'ireo olona izay tonga teto ireo mihitsy aho. Ny finoan'izy ireo no nanao an'izany satria nilazana zavatra izay ny fahamarinana izy ireo. Raha teto ianareo, dia ho nanao an'ilay zavatra iray ihany Izany.

213 Ankehitriny ho anareo eo, manambara aminareo an'izay ilainareo Izy. Ankehitriny raha mivavaka isika, ny rehetra miaraka, mivavaha, minoa ny teny tsirairay ho ny fahamarinana, dia jereo izay mitranga. Ho sitrana ianareo. Mivavaha ho an'ilay olona ankehitriny. Aza mivavaka ho an'ny tenanareo. Mivavaha ho an'ilay olona izay ametrahanareo ny tànanareo. Aoka io olona io hivavaka ho anareo. Mifampivavaka. Ny Baiboly no milaza an'izany ankehitriny.

214 Ny Baiboly mihitsy izay nilaza hoe, "Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa," no nilaza an'ity hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Ankehitriny, ilay Andriamanitra izay nanao teny fikasana iray, ary mihazona an'izany, raha nambolena tao anatin'izany ianareo, eo amoron'ireo reniranon'ny Rano, dia Izany no mitondra ny Fanatrehana Masin'Andriamanitra tsirairay, ny

teny fikasana tsirairay, mankao amin'ny fifandraisanareo mihitsy. Hazo iray izay nambolena teo amoron'ireo reniranon'ny Rano anankiray ianareo. Io Rano anankiray io dia Kristy, Ny Fanahiny Masina. Eo no misy fanasitranana. Eo no misy famonjena. Eo no misy fifaliana. Eo no misy fahari-po, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy, faharetana. Ireo karazana fanomezam-pahasoavana rehetra dia mipetraka ao anatin'io Anarana sarobidy anankiray io. "Na inona na inona no angatahanareo amin'ny Ray amin'Ny Anarako, dia Hataoko izany."

215 Ankehitriny dia mivavaha amin'ny Anaran'i Jesosy ianareo, ho an'ilay olona ametrahanareo ny tànanareo. Hivavaka ho an'ny rehetra aho, ho anareo rehetra. Aoka ny Fanahy Masina, izay manatrika ankehitriny, hanasitrana ny olona tsirairay.

216 Tompo, hangataka izahay mba hanohizan'ny Fahatsaram-panahinao miaraka aminay. Mivavaka amin'ny fombany na ny azy manokana ny tsirairay avy. Efa nahita ny Fanahin'Andriamanitra velona natao tena nisy mihitsy tahaka Azy tany Galilia izy ireo. Tahaka Azy mihitsy rehefa tonga teo akaikin'ny moron'i Galilia i Petera, ka niteny taminy Jesosy hoe iza izy. Ary tena misy mihitsy tahaka azy rehefa tonga i Natanaela, na niteny taminy Izy hoe taiza izy ny andro talohan'io. Tena misy mihitsy tahaka azy teo amin'ny vavahadin'i Samaria, na teo amin'ny fantsakana. Azo antoka fa afaka nilaza ny olona hoe, "Izany no Fanahin'Andriamanitra velona."

217 Tompo, omeo ny finoana sy fanatrehan'ny saina, ary Fanatrehan'ny Fanahy Masina, mba ny tsirairay avy, izay mivavaka, ho afaka hivavaka ho an'ilay hafa, ny vavaky ny finoana iray. Mangataka aho ankehitriny, Tompo, ho an'ireo izay mametraka ny tànany eo amin'ny olona iray, mba Homenao finoana tsy miova izy ireo, izao ankehitriny izao ho an'io olona io. Ary, mazava ho azy, fa hivaly amin'izy ireo izany. Oh, ho tanteraka anie izany! Tompo Andriamanitra, ho tanteraka anie izany! Afaka hitondra azy ireo izahay, tsirairay, manerana ny lampihazo, miaraka amin'ilay vokatra iray ihany; saingy mbola hila finoana iray foana, finoana ao amin'ny isam-batan'olona, mba hino an'Andriamanitra. Ary voasoratra hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

218 O Tompo, hazòny ny Fampanantenananao izao maraina izao, ho an'ny mpino tsirairay. Ary enga anie ny Fanahy Masina hiditra ao amin'ny vatan'ireto olona marary ireto izao ankehitriny izao, ka hanaisotra ny aretina sy ny rofin'izy ireo rehetra. Enga anie ka hisy fanamarinana iray an'izany hany ka hitroatram-pifaliana ny fon'ireo olona ireo, mino fa Andriamanitra no nanao azy ireo ho salama. Enga anie

izy ireo hiala amin'ity tabernakla ity, hihira sy hifaly, ary hino fa Andriamanitra no nanao azy ireo ho salama. Enga anie izy ireo hiverina amin'ny daty iray, ho sambatra, hifaly, hijoro vavolombelona, tahaka ny ahafahan'ireo an-jatony mijoro vavolombelona androany manerana an'izao tontolo izao, ny amin'Ny Herinao manasitrana. Lazainay eo amin'ity vahoaka ity izao vavaka izao, mangataka mba ho tanteraka anie izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra. Enga anie hiposaka ilay Hazavan'Andriamanitra ka hanasitrana ny rehetra. Amena.

Mety aho, manaiky aho, mino aho;
Mety aho, manaiky aho, mino aho;
Mety aho, manaiky aho, mino aho
Fa manasitrana ahy Jesosy ankehitriny.

Manao izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo.

Mety aho, manaiky aho, mino aho;
Mety aho, manaiky aho, mino aho;
Mety aho, manaiky aho, mino aho
Fa manasitrana ahy Jesosy ankehitriny.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . minoa an'izany.

219 Nitsidika tokantranon'ny olona aho, ary nahandro sakafo tsara izy ireo. Tsy maintsy nampangotraka rano mafana eran'ny kaopy ho ahy, ary nametraka ahy teo akaikin'ny ron'ny varimbazaha kely iray; niaraka tamin'ny karazan-javatra tsara rehetra izy ireo teo ambony latabatra. Indray andro dia hoy aho tamin'ny Tompo hoe, "Mino aho. Mino aho." Oh, oadray! Nandeha teny an-dàlana aho niaraka tamin'ny sakafo indraimbavako voalohany tao an-kiboko, nihira hoe:

Mety aho, manaiky aho, mino aho;

Niezaka niakatra ilay izy; natosiko niverina ilay izy.

Mety aho, manaiky aho, mino aho;
Mety aho, manaiky aho, mino aho
Fa manasitrana Jesosy ankehitriny.

220 Eny. Dimy amby roapolo taona lasa izany. Tena nisy tamiko Izy hatramin'izany. Tena mankasitraka an'izany mihitsy aho. Enga anie mba ho toy izany koa ilay izy aminareo. Andriamanitra hitahy anareo.

221 Ankehitriny dia hanana ny fotoan'ny batisa izy ireo, afaka minitra vitsy fotsiny, mino aho; hia, izany hoe, raha misy sasany eto mba hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Raha misy olona tahaka an'izany, dia ho fantatsika arak'izany raha hampiravàna ny mpanatrika na—na hazonina kely fotsiny izy ireo, hanangana ny tànanareo ve ianareo raha misy olona hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Tompo? Iray, roa, telo, efatra. Eny àry. Raha handeha amin'*ity* ilany ity ireo vehivavy,

ary ireo lehilahy amin'*ity*, ho an'ny fiomanana, raha sitrakareo. Raha mbola mihira indray mandeha indray isika, *Izaho* . . .

59-0920 Mamboly Ny Voaloboka Ary Aiza No Ambolena Azy
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org